FANOVANA MIFOTOTRA

AMIN'NY FAHAMARINANA

ANDIANY 1

TENY FAMPIDIRANA MIKASIKA NY ASA FANOMPOANA MAHASAHANA NY SEHA-TORO LALANA HO AN'NY MPAMPIANATRA

Truth Centered Transformation is a ministry of Reconciled World learn more at tctprogram.org

reconciledworld

Fanovana mifototra amin'ny fahamarinana - Andiany 1: Fampidirana ny amin'ny asa fanompoana mahakasika seha-piainana manontolo v3 Copyright ©2012 Reconciled World, Phoenix, Arizona, United States of America. www.reconciledworld.org

Ity asa ity dia azo ampiasaina eo ambany fiahian'ny "the Creative Commons Attribution-ShareAlike 3.0 license." Omena alàlana sy ampaherezina ianao hampifanaraka ny asa, handika ary hizara sy hampita azy ity saingy manaraka izao fepetra manaraka izao:

Mari-pankasitrahana – Tsy maintsy maneho ny mari-pankasitrahana ny asa amin'ny fanehoana foana ny fanambarana hoe: Copyright © 2012. Published by the Reconciled World (www.reconciledworld.org) eo ambany fiahian'ny "the Creative Commons Attribution-ShareAlike 3.0 license". Raha mila fanazavana fanampiny dia tsidiho ny tranon-kala, www.creativecommons.org.

Tsy azo amidy – Tsy azonao atao entam-barotra hamidy ity asa ity.

Raha liana ny amin'ny fandikana azy ity ianao dia mifandraisa amin'ny info@tctprogram.org.

Ny teny soratra masina rehetra ampiasaina, raha tsy hoe tsy voalaza, dia nalaina tamin'ny Baiboly, "New International Version®, NIV®. Copyright ©1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.TM" nampiasaina nahazoana alàlana avy amin'ny "Zondervan. All rights reserved worldwide". www.zondervan.com The "NIV" sy "New International Version" dia marika voasoratra ao amin'ny "United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.TM".

Fankasitrahana

Misy fomba kely entina misaotra ny rehetra izay nandray anjara tamin'ny fanomanana ity fitaovana ity sy fanatanterahana ity fandaharana ity. Ny ankamaroan'ny aingam-panahy sy tsirin-kevitra dia avy amin'ny fampianaran'I Darrow Miller ao amin'ny "Disciple Nations Alliance" sy Bob Moffitt ao amin'ny "Harvest Foundation". Ity fandaharana ity dia nampivoarina sy nampiharina nandritra ny fotoana niasako tao amin'ny "Food for the Hungry". Feno fankasitrahana azy ireo aho tamin'ny fanomezana ahy sehatra nampiharako ireo hevitra ireo ary nanohana ahy ara-bola hahatanteraka izany.

Amin'ity "andiam-pampianarana" voalohany ity, dia tena nindrana betsaka tamin'ny fitaovana fampiasan'I Bob sy Darrow aho, singaniko manokana ny "Development Ethic" nosoratan'i Darrow Miller sy "Leadership Development Training Program" nosoratan'i Bob Moffitt. Misy hevitra sasany amin'ny fanehoana ireo fitaovana ireo no avy amin'I Mark Wilson. Ny tantara mikasika ny fiampitana renirano ao amin'ny lesona faha 8 dia tsy ahy, na izany aza anefa dia miverina im-betsaka ao anatin'ireo fampianarana izany ka tsy tadidiko intsony hoe iza no nanoratra azy.

Izaho dia mankasitraka feno ireo izay afaka niara-niasa tamiko nandritra ireo taona nianarany sy nampiharany ireo hevitra rehetra. Izy ireo amiko no maherifo . Ny fampiharana nataony sy ny tamberina nataony no an'isan'ny nampisy izao fandaharana izao. Ny fampaherezan'izy ireo koa no nihazona ahy tamin'ny fotoana betsaka izay saika nampiala an-daharana ahy. Manana firaiketam-po manokana hatrany aho amin'ireo andiam-pampiofana voalohany izay tafatoetra tao anaty fisavorovoroana tanteraka raha mbola nianatra nampianatra sy nianatra izay tokony hampianariko aho. Izy ireo dia naharitra nanakatra izay tiako ambara na koa nampianatra ireo hevitra izay tsapanay taty aoriana fa sarotra loatra ho an'ny fiaraha-monina misy azy. Nefa dia nalàn'Andriamanitra tamin'ny fahantrana tokoa ireo fiaraha-monina ireo. Fampahatsiarovana tsy misy fetra izany fa tsy izaho no antony na nahatonga izany fa Andriamanitra no antony sy nahatanteraka izany. Tena voakasika be tokoa ny foko noho ny namelan'Andriamanitra ahy ho isan'ny mpandray anjara ao anatin'ity tantara ity ary nanaiky hiara-miasa amiko na dia teo aza ny fahalemeko. Ho Azy irery ny voninahitra.

Farany dia te hisaotra ny vadiko aho izay nandao tanteraka ny asa fanompoany mba hahafahany miara-miasa amiko amin'ity fandaharana ity. Raha tsy nisy azy dia tsy tanteraka izao rehetra izao. Fantatro tsara izay niaretanao nandritra ny taona maro hahatanteraka ity asa ity. Ianao no ilay rivotra nitsoka ny elatro ary tiako ianao.

Lohahevitra ato anatiny

Fankasitrahana **3**

Alohan'ny hanombohana **1**
Fiomanana mialoha ny hampianarana 1
Toro-hevitra mahasoa ho an'ny fampianarana mahomby 1
Ahoana no fampiasana ity toro-làlana ho an'ny mpampianatra ity? 2

Lesona 1: Ny tantara manontolo **4**
Fampidirana 4
Ny famoronana – Ny fiandohana (1.1 Toro-lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra) 4
Ny fahalavoana (1.2 Anjara lalaovina) 5
Ny Iraka 7
Ny hazo fijaliana 8
Ny fiverenana indray 9
Famintinana 9

Lesona 2: Manan-danja lehibe amin'Andriamanitra ny olombelona **10**
Fampidirana 10
Nohariana araka ny endrik'Andriamanitra (Toro lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra 2.1) 10
Fanadihadiana tranga: Ny fiangonana tany am-boalohany 12

Lesona 3: Tiavo Andriamanitra ary Tiavo ny namanao **14**
..... 14
Fampidirana – Ny anjara lalaovina mikasika ny "Mpitory filazantsara (anjara lalaovina 3.1) 14
Ny didy lehibe (Fifanakalozan-kevitra 3.2) 15
Fitiavantsika ny namantsika 16
Ny Hazo fijaliana 17
Iza no namantsika? 17
Fampiharana 18

Lesona 4: Lioka 2:52 ..... **19**
Fampidirana 19
Lioka 2:52 19
Ny fitomboan'I Jesosy (Toro lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra 4.1) 20
Fampiharana amin'ny tenantsika manokana (Fafan'ny fitomboana 4.2) 21

Lesona 5: Tian'Andriamanitra hanampy ny fiangonana **24**
Fampidirana 24
Isaia 58 25
Fanasina sy Fahazavana 25
Tantaran'ny fanasina sy fahazavana (5.1 Fandinihana tranga) 26
Ondry sy Osy – Mat 25: 31-46 27
Fomba hanampiana ny hafa (5.2 Fafana mikasika ny fomba hanampiana) 28

Lesona 6: Inona avy ireo filàna azo anampiana **30**
Ny fahitan'ny mpitandrina Wong (Mpitandrina Wong 6.1) 30
Fanadihadiana tranga: Jose sy Maria (Fanadihadiana tranga 6.2) 33

Ny fiaraha-monina misy antsika 34

Lesona 7: Kajin'ny Fanjakana 36

Fampidirana: Isaia 40:29 (tokon-karatra laharana faha 7.1) 36

"Ilay tovolahikely sy ny sakafony": Jaona 6:1-14 (tokon-karatra faha 7.2) 37

"Ilay vehivavy mpitondratena sy ny fara-sakafony ": 1 Mpanjaka 17:7 (Tokon-karatra faha 7.3) 39

"Mpitondratena sy ny farantsany roa": Marka 12:41 (tokon-karatra faha 7.4) 40

"Fanoharana ny amin'ny Talenta": Mat 25:14 (tokon-karatra faha 7.5) 41

Famintinana 42

Lesona 8: Mamantatra ny fomba entina manampy 43

Fiampitana renirano 43

..... 45

Ramatoa Lee—Tantara marina mikasika fiovana (Toro làlana mikasika ny fifanakalozan-kevitra faha 8.1) 45

Fianakaviana sahirana (Toro làlana fifanakalozan-kevitra faha 8.2) 47

Fampiharana 48

Lesona 9: Hetsi-pitiavana 49

Fampidirana 49

Hetsi-pitiavana 49

Ireo toetry ny hetsi-pitiavana (Ireo toetry ny hetsi-pitiavana faha 9.1) 50

Fampiharana 56

Lesona 10: Manao drafitra mikasika ireo hetsi-pitiavana 57

Ireo dingan'ny fanaovana drafitra (Taratasy fanaovana drafitra faha 10.1) 57

Alohan’ny hanombohana

Fiomanana mialoha ny hampianarana

1. Vakio hatramin’ny farany amim-pahamalinana ny **toro làlana ho an’ny mpampianatra**, im-betsaka raha azo atao. Asongadino na asio naoty eo an-tsisiny ireo hevi-dehibe ho fampahatsiarovanao tena.
2. Jereo tsara ireo **tanjon’ny lesona** tsirairay hahafantaranao izay tokony hianaran’ny mpianatra ao anatin’io lesona io.
3. Vakio mialoha daholo **ny andalan-tsoratra masina** tokony hovakiana rehetra
4. Jereo mialoha ireo fitaovana ilaina rehetra ho an’ny lesona ary ataovy azo antoka fa efa voadika mitovy ny toro làlana ho an’ny mpianatra tsirairay, omany ireo fanampiana ny maso tokony ampiasaina amin’io lesona io.
5. Ataovy azo antoka fa efa zatra an’**ireo hetsika** tokony atao ao anaty lesona ianao (anjara lalaovina, lalao, fanampiana ny maso). Azonao atao ny manao famerenana matetika izany miaraka amin’ny ankohonana na ny namanao.
6. Makà fotoana ivavahanao ho an’ny mpianatra mba hanomanan’Andriamanitra azy ireo, mba handrenesan’izy ireo izay tian’Andriamanitra ho renesiny, ary mba hanampiany anao hampianatra amin’ny alàlan’ireo fitaovana samihafa. Tsarovy fa amin’ny alàlan’ny herin’Andriamanitra ihany no hahitantsika fiovana eo amin’ny fiainan’ny olona.

Toro-hevitra mahasoa ho an’ny fampianarana mahomby

1. Tongava mialoha ny fotoana mba hahafahanao mametrapetraka ireo fitaovana hampiasaina sy mifehy ny toerana hiasanao.
2. Aza mikoropaka amin’ny fitaovana. Manomana fotoana ampy ho an’ny fifanakalozan-kevitra, ny asa ary ny fiatoana. Ny tanjona dia ny mba hananan’ny olona fotoana hahazoana ny lesona sy hahatafiditra azy tsara amin’ny fizotry ny lesona. Miampità amin’ny loha-hevitra manaraka rehefa azonao antoka fa azon’ny rehetra izany. Mety handany tapak’andro na andro iray manontolo ny “andiany” iray.
3. Manaova famerenana matetika. Amin’ny fanombohan’ny fotoana tsirairay avy dia manaova famerenana ny amin’izay lesona rehetra nianarany tao anaty “andiany”. Ny famerimberenana dia manampy ny olona hahatadidy izay nianarany.
4. Arahao ny toro-lalana ho an’ny mpampianatra sy ireo naoty efa nomaninao.
5. Ataovy azo antoka fa tafiditra ao daholo ireo lafy 4 ao anaty lesona.
    a. Ataovy ny fampidirana ny loha hevitra – ny hetsika atao dia hampifandray ny loha hevitra amin’ny traik’efa teo aloha.
    b. Manomeza fampahafantarana vaovao – misy fomba maro entina mampita vaovao.
    c. Manomeza zavatra ny mpianatra miaraka amin’izay nianarany. Ny hetsika atao dia manampy azy hahazo bebe kokoa ny vaovao azony amin’ny alàlan’ny fiaraha-miasa amin’ny hafa. Mamoron-javatra na mampiasa ny vaovao azo amin’ny fomba hafa.

    d. Ampifandraiso amin'ny fiainany ny hevitra vaovao vao azo, izany no dingan'ny fampiharana izay manampy ny mpianatra hisafidy ny fomba manokana entiny mampihatra ny hevi-baovao nianarany amin'ny fiainany. Ny mianatra tsy misy fampiharana dia tsy mitondra fiovana ary koa tsy mahasoa.
6. Manaova famerenana ny amin'ireo fitsipika fampianarana olon-dehibe sy ny fahaiza-manao hafa nampianarina tao amin'ny fanofanana ho an'ny fivelaran'ny mpandrindra.
    a. Manomeza toro làlana mazava
    b. Mametraha fanontaniana misokatra betsaka
    c. Misaora ny olona noho ny amin'ny fandraisany anjara
    d. Aza tonga dia lazaina azy izay zavatra tsara kokoa raha izy no mikaroka azy
    e. Manorena eo ambonin'izay efa fantatry ny olona ary omeo lanja ny traik'efa ananany
    f. Mahareta ary andraso ny olona hamaly
7. Amporisiho ny tsirairay handray anjara, hizara ary mba hilaza ny heviny ao anaty fotoana fifanakalozan-kevitra. Mitadiava hevitra tsotra hahafahana mampahery ireo saro-kenatra handray anjara ka tsy haha-menatra azy
8. Mivavaha mandritra ny andro mba hanehoan'Andriamanitra zava-baovao aminao sy amin'ireo mpianatra

Ahoana no fampiasana ity toro-làlana ho an'ny mpampianatra ity?

1. **Tanjona sy fitaovana:** Ny lesona tsirairay dia manomboka amin'ity fizarana ity.
    a. **Tanjona** – Tokony hahavita an'ireo ny mpianatra rehetra amin'ny faran'ny lesona tsirairay. Tsara raha manontany tena ianao raha tratra ireo tanjona ireo aorian'ny nampianaranao ny lesona. Makà fotoana hamerenanao matetika ireo hevi-dehibe hanampianao azy ireo hitadidy.
    b. **Fitaovana** – Ny fitaovana manokana ilaina isaky ny lesona tsirairay dia voatanisa ka ao anatin'izany ireo fanampiana ny maso sy ny taratasy tokony zaraina amin'ny mpianatra. Afaka misafidy ny hanome manontolo ny toro-lalana ho an'ny mpianatra rehetra ianao na manao izay farafahakeliny araka ny voalaza ao amin'ny lesona tsirairay avy. Manome alàlana koa izahay ny hampiasana peta-drindrina na tabilao fotsy na tabilao mainty raha lehibe ny vondrona iasana.
2. **Toro-hevitra ho an'ny mpampianatra:** Misy toro-hevitra manokana any anaty lesona hanampy anao hitarika tsara ny fampianarana. Tsy natao hozaraina amin'ny mpianatra izany. Vakio mialoha izany mba hahavonona anao amin'ny fitarihana ny fifanakalozan-kevitra sy ny hetsika rehetra. Misy fanontaniana efa nomena valiny natao sora-mandry mba hanampy anao amin'ny maha mpandrindra, hahafantatra ny hevitra tokony hotovozina avy amin'ny mpianatra. Tsy ireo ihany no fanontaniana marina fa an'isany fotsiny.
3. **Fifehezana fotoana sy fizotry ny lesona:** Ny fotoana tokony ho lany amin'ny lesona tsirairay dia tsy voafetra na voasoratra.
    a. Makà fotoana araka izay ilaina hanampiana ny olona hianatra ireo hevi-baovao ao anaty lesona. Manan-danja kokoa ny fitsinjovana izay zavatra ianaran'ny olona noho ny hamita lesona ara-potoana fotsiny.

b. Tadidio ny manome fotoana ny mpandrindra hahafahany manomboka amin'ny fotoam-bavaka sy fanoloran-tena, fijoroana vavolombelona, fifanakalozan-kevitra mikasika ny olana mety natrehiny ary iarahany mivavaka.

Lesona 1: Ny tantara manontolo

Tanjona

1. Fahatakarana fa ny drafitr'Andriamanitra dia tsy ny hahita olona voavonjy fotsiny fa hahita koa fiarenan'ny fifandraisana telo indray izay rava tamin'ny fahalavoana.
2. Mianatra ny tantara manontolo ao anaty baiboly: Ny famoronana, ny fahalavoana, ny iraka, ny fiafaran'ny tantara.

Fitaovana

1. Fanampiana ny maso –
    a. 1.1 Ny fifandraisana telo (sary 4: Famoronana, Ny fahalavoana, Fanarenana, Ny fiverenana)
2. Toro-lalana ho an'ny mpianatra:
    a. 1.1 Toro-lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra mikasika ny tantara manontolo (dika iray isaky ny vondrona dia ampy raha vondrona kely)
    b. 1.2 Anjara lalaovina mikasika an'I Adama sy Eva (Dika 2)

Fampidirana

Fifanakalozan-kevitra anaty vondrona lehibe

Nahoana no maty Jesosy?

Toro hevitra: Amporisiho ny mpandray anjara hizara ny heviny mba ho fantatra izay eritreretin'ny rehetra, ataovy fantany fa ilaina ny fandraisany anjara sady hamafisina ny hevitr'izy ireo.

Matetika izahay no milaza hoe Jesosy dia tonga mba hamonjy antsika amin'ny fahotana fotsiny. Marina izany fa betsaka noho izany ny antony nahatongavany. Ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana dia ampahany amin'ny tantara fotsiny. Mba hahafahana mahazo feno ny hafatry ny Baiboly dia tokony ho azontsika tsara ny tantara hatrany am-piandohana ka hatramin'ny farany.

Ny famoronana – Ny fiandohana

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA KELY NA LEHIBE

Toro hevitra: Raha tianao dia azo atao anaty vondrona kely io hetsika io. Ampiasao ny toro lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra amin'ny vondrona tsirairay. Raha tsy mahazatra ny olona ao anaty vondrona ny Genesisy 1-2, dia manaova vondrona madinika ary asaivo vakin'izy ireo ny Genesisy 1 &2 ary asaivo mifanakalo hevitra mikasika ireto fanontaniana manaraka ireto izy ireo.

Miainga amin'ny hevitra efa fantatrao ny amin'ny fomba namoronan'Andriamanitra an'izao rehetra izao, ahoana no hamalianao ireto fanontaniana manaraka ireto?

- Nanao ahoana ny endriky ny tontolo tany am-boalohany tao amin'ny saha Edena?
- Nanao ahoana ny endriky ny fifandraisan'I Adama sy Andriamanitra?
- Nanao ahoana ny endriky ny fifandraisan'I Adama sy Eva? Heverinao ve fa nifamaly matetika izy ireo?
- Nanao ahoana ny endriky ny fifandraisan'I Adama sy ny zavaboary? Nanana izay rehetra nilainy ve Adama? Nanana sakafo ampy ve izy?

Toro hevitra: Asehoy ny sary 1: mikasika ny famoronana ary ampio ny mpianatra hahita fa tany am-boalohany talohan'ny fahalavoana dia tanteraka ny fifandraisana tsirairay amin'ireo telo ireo.

Picture 1: Creation



Ny fahalavoana

Vakio Genesisy 3:1-20.

Anjara lalaovina

Toro hevitra: Mangataha olona roa hanao ny anjara lalaovina. Omeo azy ireo ny taratasy misy ny anjara holalaoviny 1.2

"Resaka nifanaovan'i Adama sy Eva"	
Adama:	(Manao zaridaina) Eva, miasa mafy ao an-jaridaina taorian'ny nihinanana ny voankazo ka nampalahelo an'Andriamanitra!
Eva:	Eny, ny ankizilahintsika dia tsy mifankahazo tsara intsony. Mifamaly izy ireo ary mifampikapoka. Enga anie mba tsy hiharatsy izany! Ary ireto ravin'aviavy ratsy ireto no tsy maintsy tafiako – Mba jereo anie ity haratsiny!

Adama:	(Mamaly resaka) Eny e, tsy afaka mividy akanjo vaovao isika, ka aza mitaraina! (Miato kely) Tsaroako ny andro fahiny, rehefa niara-dia tamintsika sy niresaka tamintsika Andriamanitra. Ankehitriny dia manahirana azy aza ny fisiantsika manodidina eto. Ary tsarovy ny nankatoavan'ny biby rehetra antsika? Ankehitriny dia mihorohoro sy mandositra antsika izy ireo!
Eva:	Eny, na koa miezaka ny hanaikitra antsika! ooh ... Halako ny bibilava! Sahala amin'ny tsy mino aho hoe nandray torohevitra avy tamin'ny bibilava iray! Izao korontana rehetra izao dia ny fahadisoan'ny bibilava no nahatonga izany!
Adama:	Tsia, fa fahadisoanao izany! Tsy mba misy zavatra tsara mihitsy ataonao! Nahoana moa aho no nandray torohevitra avy amin'ny olona iray nandray torohevitra avy amin'ny bibilava e?
Eva:	Aza omena tsiny aho e. Ianao no tompon'ny fahadisoana! (Miato, malahelo) Azafady e - tsy manampy antsika ny mitabataba. Adama a, araka ny eritreritrao, mety mbola hiverina ho toy ny taloha ihany ve ireo zavatra ireo?
Adama:	Tsy fantatro, Andriamanitra ihany no afaka handamina izao fikorontanana izao!
Eva:	He! (Mihiaka sady mihazakazaka mivoaka) Aza miady intsony ianareo roa lahy! Aoka izay. Maheno ahy ve ianareo? Hambarako ny rainareo izao, ary tsy hahafaly azy izany!
Adam:	(Miverina ao an-jaridaina, misento) Miasa, miasa, miasa, miasa, miasa, miasa, ….

Fifanakalozan-kevitra anaty vondrona lehibe

Araka ny anjara lalaovina sy izay novakiana tao anaty baiboly, Inona avy ireo olana atrehin'olona vokatry ny fahalavoana?

Mampiasà toro làlana ho an'ny fifanakalozan-kevitra laharana faha 1.1:

- Vakio Genesisy 3:8,10 – Nandritra ny fahalavoana, inona no nitranga tamin'ny fifandraisan'ny olona amin'Andriamanitra?
- Vakio Genesisy 3:12 - Nandritra ny fahalavoana, inona no nitranga tamin'ny fifandraisan'ny olona amin'olona?
- Vakio Genesisy 3:15 - Nandritra ny fahalavoana, inona no nitranga tamin'ny fifandraisan'ny olona amin'ny zavaboary?

Tamin'ny fahalavoana dia tafiditra teo amin'ny tontolo ny faharatsiana, tsy ara-panahy ihany fa ara-batana ihany koa. Talohan'ny fahalavoana dia ampy ny sakafo ary tsy nisy horohoron-tany, tsy nisy tondra-drano, tsy nisy hain-tany. Vokatry ny fahalavoana dia miaina ireo zavatra rehetra ireo isika.

Nanapotika ny fifandraisana telo ny fahalavoana.



Toro hevitra: Asehoy ny sary 2: mikasika ny fahalavoana ary ampio ny mpianatra hahita fa nanapotika ny fifandraisana rehetra izany.

Ny Iraka

Ny dingana manaraka mikasika ny tantaran'Andriamanitra sy ny zavaboary dia hita eo anelanelan'ny tantaran'ny fahalavoana sy ny faran'ny testamenta taloha.

Toro hevitra: Asehoy ny mpianatra ny ampahany betsaka amin'ny Baiboly izay resahinao.

Eto izao ny dingana maneho ny fitadiavan'Andriamanitra ny olony. Naniry ny hanarina ny simba izy.

ABRAHAMA - Vakio Genesisy 12:1-3. Ao amin'io andininy io dia milaza fa Andriamanitra nanandratra an'I Abrahama ary nitahy azy, Inona ny antony nitahiany an'I Abrahama? (Satria te hitahy ny firenena rehetra Andriamanitra.) Amin'io andininy io ihany no ahitantsika ny drafitr'Andriamanitra te hamonjy ny tontolo rehetra. Amin'ny alàlan'ny fiangonana no tiany hitondrana fitahiana ho an'ny firenena rehetra.

Toro hevitra: Raha misy fanontaniana mikasika ny andraikitry ny lalàna dia azonareo vakiana koa ny Galatiana 3:16-17,19, 24. Io andininy io no manazava ny anton'ny lanàna sy ny filazany ny amin'ny Kristy.

MOSESY – Nomen'Andriamanitra ny olona ny didy 10 mba hahafahantsika mahafantatra ny fomba tokony hanarenana ny fifandraisana simba

- Mahasahana ny zavatra ara-panahy ihany ve sa mahasahana ny fifandraisantsika amin'ny samy olona sy ny zavaboary koa ny lalàna?

Toro hevitra: Hazavao fa ny didy 4 voalohany dia manarina ny fifandraisana amin'Andriamanitra fa ny enina ambiny kosa manarina ny fifandraisana amin'iza? (Ny fifandraisan'ny samy olona). Ny lalàna manontolo dia manarina ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra (Eks 21:3), Ny fifandraisantsika samy olona (Eks 21:12), ary koa ny fifandraisantsika amin'ny zavaboary (Eks 23:10-12). Misy lalàna manokana manampy ny olona ho salama tsara (Lev 13) ary koa mba hifanajana (Eks 23:1-9). Tsy ny ara-panahy ihany no nokarakarain'Andriamanitra fa ny lafi-piainantsika rehetra. Izany no namoronany ny lalàna ho an'ny sehatra rehetra izay simban'ny ota.

Vakio Deot 28:1-14.

- Inona no lazain'Andriamanitra fa mety ho vokatry ny fankatoavantsika ireo didy ireo?

- Ho an'ny zavatra ara-panahy ihany ve sa ho an'ny fiainana ara-batana sy azo tsapain-tanana koa ny fitahiana nampanantenain'Andriamanitra?

Andriamanitra nanangana mpanjaka sy mpaminany, nefa dia tsy nitsahatra nijaly tao anaty fahantrana foana sy ady ny zanak'Israely satria nihodina tamin'Andriamanitra izy ireo.

Vakio 2 Tantara 7:14

- Iza no antsoin'Andriamanitra hanetry tena sy hivavaka? (Tsy ny olona rehetra fa ny olony rehetra, raha amin'izao dia ny kristiana.)

- Inona no lazain'Andriamanitra fa mety hitranga raha mankato izy ireo? (Hositranin'Andriamanitra ny taniny.) Mbola marina izany hatramin'ny androany. Izany dia betsaka lavitra noho ny fahitana fiainana voavonjy fotsiny. Io dia miresaka ny amin'ny hitondran'Andriamanitra fanasitranana amin'ny fifandraisana telo.

Ny hazo fijaliana

Tsy hoe an'isan'ny ampahany tsara indrindra amin'ny tantara izy ity fa koa ny manan-danja lehibe indrindra. Amin'ny karazam-pivavahana rehetra dia matetika angatahana hanolotra fanatitra ny olona mba hampifaliana ny andriamaniny. Fa amin'ny fivavahana kristiana kosa dia tena tia ny olombelona Andriamanitra ka nandefa ny zanany ho faty ho azy ireo.

Vakio Kol 1:19-20. Inona ny antony nahafatesan'I Jesosy?

- *Ho fampihavanana ny fifandraisana rehetra.*

Toro hevitra: Asehoy ny sary 3: mikasika ny fanarenana, ary hazavao amin'ny mpianatra fa tonga Andriamanitra mba hampihavana ny zavatra rehetra simba vokatry ny fahalavoana. Na izany aza dia tsy hiverina ho tanteraka ny zavatra rehetra mandra-pahatapitry ny tantara.

Picture 3: Restoration



Taorian'ny nandaozany antsika dia nametraka Iraka lehibe Jesosy. Isika dia tompon'andraikitra, tsy ny hahita olona voavonjy fotsiny fa hanao mpianatra ny firenena. Ny fanaovana mpianatra dia midika fanampiana ny firenena hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny sehatra rehetra izay efa nampihavaniny.

Ny fiverenana indray

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Apo 21:1-7

- Any amin'ny farany, manahoana no mety ho endriky ny fifandraisan'ny olona amin'Andriamanitra?

- Manahoana ny mety ho endriky ny fifandraisan'ny olona samy olona?

- Manahoana ny mety ho endriky ny fifandraisan'ny olona amin'ny zavaboary? Hanana sakafo ampy ve isika? Mbola harary ve isika?

Picture 4: The Return



Toro hevitra: Asehoy ny sary 4: mikasika ny fiverenana indray, ary ampio ny mpianatra hanazava fa rehefa hiverina indray Andriamanitra dia ho tafaverina araka ny nitiavan'Andriamanitra azy tamin'ny voalohany ny fifandraisana rehetra.

Famintinana

Izay ny tantara manontolo—Ilay tantara mahafinaritra manomboka amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany mikasika ny namoronan'Andriamanitra tontolo feno fahatanterahana. Ny fomba nidiran'ny ota sy ny nanapotehany ny zavatra rehetra. Ny fitiavan'Andriamanitra antsika loatra ka nandefasany ny zanany hanarina indray ny fifandraisana izay simba tamin'ny fahalavoana. Ny amin'ny hiverenany indray ka hanavaozany ny zavatra rehetra.

Tian'Andriamanitra loatra ianao. Nalefany ny zanany ho faty mba hanananao fifandraisana aminy, ary koa mba hanananao fifandraisana tsara amin'ny hafa sy amin'ny zavaboary.

Toro hevitra: Mba hahafahana mahazo antoka tsara raha voaray ny lesona dia asehoy tsirairay ny sary rehefa milaza io famintinana io ianao ary angataho ny mpianatra hilaza ny lohateny mifanaraka amin'ny sary asehonao mba hampitombo ny fitadidiany ny tantara manontolo.

Lesona 2: Manan-danja lehibe amin'Andriamanitra ny olombelona

Tanjona

1. Fahafantarana fa ny olona dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra.
2. Mahafantatra fa manan-danja ny olona tsirairay satria nohariana araka ny endrik'Andriamanitra ary Jesosy dia maty ho azy.
3. Saintsaino ny amin'ny hoe raha tena tia antsika Andriamanitra ka nandefa ny zanany ho faty ho antsika ka tsy tokony hifanaja sy hifanome lanja koa ve izany isika.

Fitaovana

1. Toro lalana ho an'ny mpianatra:
    a. 2.1 Toro lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra (Dika iray isaky ny vondrona)

Fampidirana

Fifanakalozan-kevitra anaty vondrona lehibe

- Inona avy ireo finoana mikasika ny fihavian'ny olombelona resahina amin'ny kolon-tsaina misy anao?
- Inona avy ny fiantraikan'ireo finoana ireo? Raha misy olona mino an'ireo zavatra ireo, heveriny ve fa tena manan-daja ny olona sa tsia?

Tany Inde dia nisy vehivavy iray nantsoina hoe "Mama Theresa", izy io dia nanangana fialofana nahafahana mikarakara ireo olona maty eny an-dalam-be mba ho faty ampahamendrehana izy ireo. Betsaka ny olona nitsikera azy ary milaza fa efa betsaka ny olona ao Inde ko nahoana izy no hanampy ireo izay efa ho faty? Ahoana ny hevitrao? Mahasoa ihany ve izany asa fanompoana izany sa tsia?

Nohariana araka ny endrik'Andriamanitra

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA MADINIKA

Vakio Genesisy 1:26-27.

Toro hevitra: Raha mampiasa ny toro lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra 2:1 ianao dia toroy hevitra ny vondrona tsirairay hamaky ny Genesisy 1:26-27. Rehefa avy nahazo fotoana nandinihana ny fanontaniana izy ireo dia omeo famintinana miaraka ny vondrona rehetra na vakio ny andininy manaraka.

- Inona no mahasamihafa ny olona amin'ny zavaboary hafa? Inona no nampiasain' Andriamanitra ho modely ho an'ny olona?

- Inona avy ireo toetran'Andriamanitra hita amin'olona? Mitanisà betsaka indrindra araka izay azo atao.

Vakio Salamo 139:13-16.

- Inona no lazain'io andininy io mikasika ny maha manan-danja lehibe ny olombelona?

- Olona vitsivitsy sa ny olombelona rehetra no iantefan'io andininy io?

Andriamanitra no nahary antsika ary mahatalanjona no nanaovany antsika, voasoratra ao amin'ny boky ny androm-piainantsika rehetra. Tsy tongatonga ho azy sahala amin'izao isika fa Andriamanitra no nahary ny olona tsirairay.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Jaona 3:16.

- Inona no nataon'Andriamanitra hanarenana ny tontolo?

- Maty ho antsika noho ny fahatsarantsika ve Andriamanitra? (Raha misalasala izy ireo dia vakio Rom 5:8.)

- Raha tena an-tsitrapo no nandefasan'Andriamanitra ny zanany ho faty ho an'ny olona rehetra, sanda manao ahoana no omeny ny olona noho izany?

- Inona no dikan'ny hoe fomba tokony hanomezantsika lanja ny hafa?

Famintinana: Ao anatin'ireo andininy ireo dia hitantsika fa tena manome lanja lehibe ny olona Andriamanitra. Nohariany araka ny endriny isika. Tamim-pitandremana tanteraka no nanaovany ny tsirairay sy nanefeny antsika tany am-bohoka. Satria miahy mafy ny amin'ny olona izy dia nomeny ny zanany ho faty ho azy ireny.

Eritrerto indray ny asa nataon'I Mama Theresa tany Inde.

- Manampy antsika bebe kokoa hahatakatra ny dikan'ny asa nataony ve ireo hevitra ireo?

- Inona no heverinao fa nanosika azy hikarakara ireo izay efa ho faty?

Rehefa nametra-panontaniana taminy ny mpanao gazety iray malaza ny amin'ny antony hikarakarany ireo olona efa ho faty, dia naka andininy tao amin'I Mat 25:31-46 izy—Ny tantaran'ny ondry sy osy. Ao amin'io andininy io, Jesosy dia nanameloka ireo izay teo amin'ny ankaviany ka nanao hoe "Noana aho fa tsy mba nomenareo hanina," "nangetaheta aho fa tsy nampisotroinareo", Rehefa namaly izy ireo fa tsy mbola nahita an'I Jesosy noana na nangetaheta dia izao no navaliny: "Izay tsy nataonareo tamin'ireny madinika ireny dia tsy mba nataonareo tamiko". Dia nanazava I Mama Theresa fa ny fanompoany ireo olona efa ho faty eny an-dalam-be ao Inde ireo dia mitovy amin'ny manompo an'I Jesosy"

FANDINIHANA MANOKANA

Isika tsirairay dia manan-danja amin'Andriamanitra ary tahaka izany koa ny olona tsirairay ao amin'ny fiaraha-monina misy anao. Makà fotoana hieritreretana mangina raha manome lanja ny olona ao amin'ny fiaraha-monina misy anao sahala amin'ny olona sarobidy amin'Andriamanitra ianao.

Fanadihadiana tranga: Ny fiangonana tany am-boalohany

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

Ny Kristiana tany am-boalohany dia nahatakatra tsara fa manan-danja amin'Andriamanitra ny olona. Tamin'izany fotoana izany ny olona dia nino fa ireo andriamanitra dia niady mba ho lasa ambony indrindra ary nangataka tamin'ny olona mba hanao fanatitra sorona hialana amin'ny fahatezeran'izy ireo. Azon'ny olona tsara koa fa Ilay tena Andriamanitra dia tsy sahala amin'izany. Izy no nanao sorona ho an'ny olona, nandefa ny zanany malalany ho faty ho azy ireo (Jaona 3:16). Io finoana io dia midika fa ny isam-batan'olona dia manan-danja lehibe sy manana ny mahaizy azy. Ny fahatakarana ny fahalehibeazan'ny fitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao sy ny olombelona no nitarika ny fiangonana voalohany hanohitra ny fanao mahazatra tahaka ny famonoana ny zaza madinika sy ny fanalan-jaza. Tamin'izany fotoana izany raha zazavavy kely no teraka dia nariana teny an-dalam-be. Na izany aza ny kristiana dia nahalala fa ny olona tsirairay na kilemaina na tsy mbola teraka na lahy na vavy na andevo na andriana dia samy manan-danja amin'Andriamanitra daholo. Izy ireo no namonjy ireo zazavavy kely nariana teny an-dalam-be ka nitaiza azy sahala amin'ny naterany mihitsy.

Ny fiangonana tany am-boalohany koa dia nino fa raha Andriamanitra aza naneho ny fitiavany tamin'ny alàlan'ny fanaovana sorona ny zanany eo amin'ny toerantsika, noho izany dia andraikitsika koa ny manompo ny hafa. Ny mpanaraka an'I Jesosy dia nahatsapa fa satria Andriamanitra dia mamindra fo sy miantra azy dia tokony ho sahala amin'izany koa izy ireo amin'ny olona rehetra.

Tamin'izany fotoana izany dia nisy ny valan'aretina kolera. Raha manome rano hosotroin'olona voan'ny kolera ianao dia mety hamonjy azy izany. Raha tsy misy rano dia ho faty izy ireo. Na izany aza dia areti-mifindra ny kolera. Satria natahotra mafy ny hifindran'io aretina io ny Romana dia naleon'izy ireo nanary ny olona voa ho eny an-dalam-be toy izay nanome rano azy. Tsy tahaka izany

kosa ny kristiana, nandeha teny amin'ireo olona voan'ny kolera izy ireo, nanome rano hosotroiny ary nikarakara azy. Nino ny famindram-po sy ny asam-pisoronana izy ireo. Betsaka ny maty fa nampitombo isa haingana ny kristiana izany.

FANDINIHANA MANOKANA

Makà fotoana handinihanao mangina ity tantara ity ho anao manokana.

Angataho Andriamanitra hanampy anao hahita ny fomba fitondrànao ny olona hafa. Entinao sahala amin'ny olona manan-danja eo anatrehan'Andriamanitra ary nanolorany ny tenany ho faty ve izy ireo? Mitondra tsara ny olona sasany ihany ve ianao ary ny hafa kosa mifanohitra amin'izany? Angataho Andriamanitra hamela heloka anao raha nisy fotoana tsy nitondranao tsara ny olona araka ny nitiavan'Andriamanitra azy. Angataho izy haneho anao ny fomba fijeriny ny olona.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Iza avy ireo karazan'olona matetika atao tsinontsinona?

- Ahoana ny fomba anehoantsika amin'olona fa manan-danja eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo?

Lesona 3: Tiavo Andriamanitra ary Tiavo ny namanao

Tanjona

1. Hahazoan'ny olona fa nantsoin'Andriamanitra hitia ny namantsika isika.
2. Manaiky ireo namana.
3. Mamantatra ireo fomba hahafahana mitia ny namana.

Fitaovana

1. Toro làlana ho an'ny mpianatra:
    a. 3.1: Ny anjara lalaovina mikasika ny "Mpitory filazantsara" (Dika 3)
    b. 3.2 Fifanakalozan-kevitra (dika 1 isaky ny vondrona)

Fampidirana – Ny anjara lalaovina mikasika ny "Mpitory filazantsara

ANJARA LALAOVINA



Toro hevitra: Mifidiana olona 3 avy amin'ny vondrona handray anjara amin'ny anjara lalaovina 3.1 .

Teny fampidiran'ny mpitantara: Indraindray ny kristiana dia antsoina hoe "tery fijery ny filazantsara." Ny fahazoany ny fanekena an'I Jesosy dia ny fanapahan-kevitra ny amin'ny fiainana sy fahafatesana ihany fa tsy misy zavatra hafa azony ankoatr'izay. Rehefa tsy mahita ny filàn'ny manodidina azy izy dia azo lazaina fa very tanteraka ny hafatra tiany hampitaina. Androany dia hamangy tokan-trano mahantra iray isika ... Ny hany mponina ao dia olona mahantra sady marary (PSP) iray matory eo am-pandriana. Ny mpitsidika dia evanjelistra Kristiana iray (EV) manao fitoriana filazantsara isan-tokan-trano. Izy no tonga mamangy.

EV: Haody o, haody e? Aiza ny olona o! Afaka mandroso ve? (mandroso)

PSP: (feo marefo mamaly) Ato ihany e…

EV: Manakory e! Izaho no _____ avy amin'ny fiangonana _____ . Tonga aho androany hanasa ny olona rehetra ho any am-piangonanay. Ny Tompo dia nanome fitahiana lehibe anay ny amin'ny fifohazam-panahy ka angamba tsy tokony ho diso anjara amin'izany ianao?

PSP: (Misento sady miteny mitsitapitapy) Tsy afaka ny ho any e….., izao tsy afaka mihetsika am-pandriana izao…., tsy afaka mihetsika akory fa marary ny aiko…, very ny asako…, tsy manam-bola hividianana fanafody aho…., na sakafo…, ary tsy misy andoavana hofan-trano.…

EV: Olana lehibe izany atrehinao izany, nefa izaho mahafantatra olona iray izay afaka mamaha ny olana rehetra amin'ny fiainana. Efa nanaiky an'I Jesosy ho Mpamonjy ny fiainanao ve ianao?

PSP: (mamaly amin'ny feo malemy) Ny fianakaviako sy ny namako samy nandao ahy daholo rehefa narary sy tsy nanana asa intsony aho… Mba misy olona ao am-piangonanareo ve afaka hanampy ahy azafady?

EV: Ny fanampiana tsara indrindra tokony ho azonao dia jereo eto amin'ity taratasy kely ity. Manazava ny drafitr'Andriamanitra ny amin'ny fiainanao izany. Fantatrao ve fa tsy sitrapony mihitsy ny handrianao eto! Raiso ity, vakio, ataovy ny vavaky ny mpanota, ary minoa e!

PSP: (Reraka be) tsy vitako e… reraka loatra aho… (tsy niresaka intsony ary nandry tsy nihetsika.)

EV: (Mitsapa ny fitempon'ny fo) Hay mbola velona! Deraina Andriamanitra, Tena tonga ara-potoana teto aho hijoro vavolombelona! Havelako eto ity trakta ity ary tsara raha mandeha aho mba hanao asa fanompoana amin'ny fanahy hafa izay mbola very. (Miteny mafy eo an-tsofin'ilay lehilahy mahantra) Hivavaka ho anao zahay e. Tadidio fa Jesosy ihany no vahaolana (sady lasa)

PSP: (Mitazana azy dify sady misento) Ohhhhhhhhhhh.....

(Tsy manao zavatra hafa na mifanaraka amin'ny tranga misy)

FIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Inona no mitranga amin'ity anjara lalaovina ity?
- Efa nahita na nahafantatra olona nizara ny filazantsara tahaka ity ve ianao?
- Hatraiza ny fahombiazan'io amin'ny fotoana maharitra?
- Ahoana ny fijerinao raha ampitahaina amin'ny fanaovan'I Jesosy asa fanompoana io fomba fitoriana io?

Ny Soratra Masina dia milaza mazava fa Andriamanitra dia tohina ny amin'ireo olona maratra ary isika koa dia tokony ho sahala amin'izany. Iray amin'ireo fanazavana tsara indrindra afaka manampy antsika hahatakatra ny fon'Andriamanitra ho an'ny olona dia hita ao amin'ny didin'I Jesosy. Ao anatin'ireo didy ireo no ahitantsika ny "didy farafahakeliny indrindra tsy azo atao tsinontsinona" mikasika ny Filazantsara. Ny fanantitranterany dia tsy hoe mazava ihany fa mahagaga koa.

Ny didy lehibe (Fifanakalozan-kevitra 3.2)

FIFANAKALOZAN-KEVITRA HO AN'NY VONDRONA MADINIKA

Raha mampiasa ny toro làlana momba ny fifanakalozan-kevitra 3.2, dia vakio ireto an-dalan-tsoratra masina manaraka ireto ary valio ny fanontaniana ao anaty vondrona madinika:

Mat 22:36-40	Mark 12:28-31,33	Lioka 10:27
Mat 7:12	Rom 13:9	Gal 5:14

JERY TODIKA

Toro hevitra: Rehefa nanana fotoana namakiana ny an-dalan-tsoratra masina ary nifanakalo hevitra ny amin'ny fanontaniana ny rehetra ao anaty vondrona, dia asaivo manao tatitra amin'ny vondrona lehibe ny vondrona kely ary zarao ny valim-panontaniana rehetra mifanaraka amin'ny fanontaniana ary ataovy azo antoka fa mahakasika ny teboka rehetra voalaza etsy ambony izany. Avelao mba hisaina ny valim-panontaniana azy manokana ny mpianatra tsirairay avy.

Inona avy ireo itovizana na fahasamihafan'ireto an-dalana enina manaraka ireto?

- *Izy rehetra dia samy milaza hoe "tiavo ny namanao"*
- *Ny antsasany ihany no milaza fitiavana an'Andriamanitra*

Inona no lazain'I Jesosy fa lehibe indrindra amin'ny didy?

- *Tiava an'Andriamanitra*

Didy lehibe inona no amintinana ny lalàna sy ny mpaminany?

- *Tiava ny namanao*

Araka ny hevitrao, inona no antony nifidianan'I Jesosy hamintina ny lalàna sy mpaminany amin'io didy io?

- *Raha tsy voavalin'izy ireo fa mba hahafahantsika maneho ny fitiavantsika an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny asa no anton'izany dia ivereno io fanontaniana io any amin'ny faran'ny lesona.*

Fitiavantsika ny namantsika

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio I Jaona 3:17, I Jaona 5:3, Jakoba 1:27

Inona no ifandraisan'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famaliantsika ny filàn'ny hafa?

- *Raha tia an'Andriamanitra isika dia hasehontsika amin'ny alàlan'ny fitiavantsika ny hafa izany. Raha milaza fa tia an'Andriamanitra isika nefa tsy tia ny hafa dia maneho tsy tena fitiavana an'Andriamanitra izany.*

Azo atao ve ny mizara ny fitiavan'Andriamanitra nefa tsy miezaka mihitsy manampy ny hafa amin'ny filàny?

- *Tsia*

Mpianatry Jesosy ve isika raha tsy manao asa fanompoana mamaly ny filàna ara-batana sy ara-tsosialy ary ara-panahin'ny olona?

- *Tsia. Raha mijery ny fanoharana ny amin'ny ondry sy osy isika dia mahita miharihary ny amin'izay atao sy tsy ataontsika. Amin'izay noana dia lazaina fa tokony ho nomena hanina izy ireny. Ao amin'io fanoharana io dia milaza mazava tsara Jesosy fa manantena antsika ny hikarakara ny filàn'izay manodidina antsika izy raha tena mpanaraka azy marina isika.*

Ny Hazo fijaliana

Toro hevitra: Manaova sary hazo fijaliana eo amin'ny tabilao araka io aseho io.

Azavao amin'ny vondrona rehetra:

Ny soratra eo akaikin'ny sary dia manampy antsika hahatadidy ny fitsipika fototra.

Ny tsipika mijidina dia maneho ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Lava kokoa io tsipika io.

Ny tsipika marin-drano dia maneho ny fifandraisantsika amin'ny olona hafa. Ny tsipika marindrano dia tohanan'ny tsipika mijidina. Raha tsy misy ny tsipika mijidina dia latsaka amin'ny loto ny tsipika marin-drano. Marina amin'io sary io izany fa marina koa amin'ny fiainantsika. Mila an'Andriamanitra isika mba hananantsika fifandraisana tsara.

Iza no namantsika?

Toro hevitra: Vakio ny tantaran'ny Samaritana tsara fanahy (Lioka 10:30-37) ny sasany ao an-dakilasy manao ny fihetsika. Mangataha olona hilalao ny anjara rehetra ao anaty tantara. Olona 7 no ilaina hilalao ny anjara aseho ao anatin'ity tantara ity: lehilahy 1, mpangalatra 2, mpisorona 1, samaritana 1, levita 1 ary mpandray vahiny 1.

Fampidirana: Ity dia tantaran'olona iray izay te hahafantatra ny fomba handovana ny fiainana mandrakizay na koa ahoana no hahatonga azy ho kristiana. Nolazainy fa zavatra roa no ilaina dia ny tokony hitiavana an'Andriamanitra sy ny tokony hitiavana ny namana koa. Nanontany ilay lehilahy hoe iza moa ny namany ka izay no namalian'I Jesosy azy tamin'ny alàlan'ity tantara ity.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Nahafantatra ilay olona teo amin'ny tany ve ilay Samaritana tsara fanahy?

- Ahoana ny fihetsik'ity samaritana raha nahita ilay olona? Inona no maha samihafa izany amin'ny fihetsik'ireo olona hafa?

- Ahoana no nanehoan'ilay samaritana fitiavana tamin'ny namany? Ampy ve ny nataony sa mihoatra izay tokony natao?

- Inona no ampianarin'ity tantara ity antsika mikasika ny hoe namantsika?

- Ahoana no ampianaran'ity tantara ity antsika ny amin'ny tokony anehoantsika ny fitiavana amin'ny namantsika?

Fampiharana

Eritrereto ireo olona matetika hitanao. Milazà zavatra iray azonao atao amin'olona hafa?

Lesona 4: Lioka 2:52

Tanjona

1. Mahafantatra fa tokony hitombo amin'ireto lafiny 4 ireto isika:—ara-batana, ara-panahy, ara-pifandraisana, ary ara-tsaina.
2. Manaiky fa tsy voatery hanan-karena be isika vao afaka hanatanteraka izay asain'Andriamanitra ataontsika.
3. Eritrereto ny fomba tokony hanampiana ny hafa hitombo amin'ireo sehatra efatra ireo.
4. Manaova drafitra hanampiana azy ireo, ny fiaraha-monina misy azy na koa olona ao amin'ny fiangonana hitombo amin'ny iray amin'ireo sehatra ireo.

Fitaovana

1. Toro làlana ho an'ny mpianatra:
    a. 4.1 Toro làlana ho an'ny fifanakalozan-kevitra (iray isaky ny vondrona)
    b. 4.2 Fafan'ny fitomboana (iray isaky ny mpianatra)
2. Taratasy iray azo apetaka eo amin'ny solaitrabe na peta-drindrina.

Fampidirana

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Inona no ilain'ny zaza amin'ny fitomboany eo anelanelan'ny taona 0 ka hatramin'ny 18?

Toro hevitra: Soraty eo amin'ny solaitrabe ny valin-tenin'izy ireo na asaivo soratany amin'ny taratasy kely ka raha misy banga tsy ahazoana valiny ny sehatra efatra dia tairo kely amin'ny alàlan'ny ohatra izy ireo. Ohatra: lafiny ara-pifandraisana: Araka ny hevitrao, mila olona na ankohonana hitia azy ve ny olona iray?

Lioka 2:52

Vakio Lioka 2:52: "Ary Jesosy nitombo saina sy tena sady nandroso fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona"

Sehatra inona avy no nitomboan'I Jesosy? Fepetra mahazatra manahoana no mamaritra ireo fitomboana efatra ireo?

- Fahendrena Saina
- Tena Vatana

- Fitia amin'Andriamanitra Fanahy
- Fitia amin'olona Fifandraisana

Toro hevitra: Sorato amin'ny peta-drindrina na tabilao ireo fepetra 4 ireo. Alaivo ireo karatra ary ataovy antontany izany na tondroy ireo teboka voatanisa amin'ny fampidirana ary apetraho hifanaraka amin'ireo sehatra efatra izany.

Tahaka an'I Jesosy, tokony hitombo amin'ireo lafiny efatra ireo isika. Azontsika ampiasaina izany ho modely entintsika mieritreritra ny fomba tokony hivelaran'ny olona.

Ny fitomboan'I Jesosy

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA MADINIKA

Toro hevitra: Ampiasao ny toro lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra laharana faha 4.1, omeo fotoana ny vondrona hifanakalo hevitra mikasika ny fanontaniana enina ary hamerina ny valiny ao anaty vondrona lehibe mba hahafahany mampisongadina ny hevitra mifanaraka amin'ny fanontaniana tsirairay avy.

TATITRA

Araho ny famintinana ataon'ny vondrona lehibe amin'ny fampiasana ny toro lalana ho an'ny fifanakalozan-kevitra laharana faha 4:1

1. Tampoka ve ny fitrangan'ny fitomboan'I Jesosy?
    - *Ny fitomboan'I Jesosy dia dingana mandritra ny fotoana maharitra*
2. Inona avy ireo fepetram-piainana ara-batana, ara-pitaovana, ara- pifandraisana nitomboan'I Jesosy? (nandeha teny amin'ny anjery manontolo ve izy? Nisy herin'aratra ve tao amin'ny trano nipetrahany? Nanana sakafo ampy ve izy? Nahay namaky teny sy nanoratra ve izy? Nahate ho tia ve ny ray aman-dreniny?)
    - *Niaina sy nitombo tao anaty fianakaviana sahirana Jesosy. Nila nanome fanatitra voromailala roa izy ireo. (Jereo Lioka 2:24 sy Lev 12:8.)*
    - *Na izany aza dia nanana sakafo ampy izy ireo, niasa ny rainy ary mahate ho tia ny ankohonany.*
    - *Nianatra namaky teny sy nanoratra koa izy nandritra ny fianarany tao amin'ny synagoga.*

3. Nanana ny loharano rehetra ilainy ve Jesosy mba hananterahany ny sitrapon'Andriamanitra ho azy ? Nahoana?
    - *Jaona 17:4 dia milaza amintsika fa nahatanteraka ny asa nampanaovina azy Jesosy. Afaka nanatanteraka ny tanjony izy.*

4. Manao ahoana ny fatran'ny harena ilaina mba hahatrarana ny sitrapon'Andriamanitra?
    - *Nahantra Jesosy fa nahatanteraka ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny fiainany izy.*

5. Nitombo tamin'ny sehatra 4 Jesosy. Afaka manampy ny hafa hitombo amin'ireo sehatra ireo koa ve isika? Amin'ny fomba ahoana?
    - *Eny, Ireo sehatra 4 ireo dia manome antsika modely azontsika ampiasaina hanampiana ny hafa.*
    - *Ny fitomboana amin'ireo sehatra 4 ireo dia dingana maka fotoana maharitra.*

6. Raha ny fitomboan'I Jesosy aza dia nandalo dingana nandritra ny taona maro, ka fotoana manahoana izany no ilain'ny olona hafa hitomboany? Halavam-potoana manao ahoana no tokony hiomanantsika raha te hampivoatra fiainan'ny olona?
    - *Mila fotoana maharitra vao mivoatra ny fiainan'ny olona. Raha te hanampy azy ireo isika dia tokony ho vonona handany ora maro mandritra ny taona maro.*

Fampiharana amin'ny tenantsika manokana

Tsy ireo sehatra 4 ireo ihany no tokony hitomboantsika sahala amin'I Jesosy fa tokony hanampy ny hafa koa hitombo amin'ireo sehatra ireo.

Toro-hevitra: Omeo ny dikan'ny fàfan'ny fitomboana laharana faha 4:2: ny tsirairay. Raha tsy manana ilay fàfana voapirinty dia ataovy sary eo amin'ny solaitrabe izany ka manao toy izany ho azy ao amin'ny taratasy ny mpianatra.

Voalohany, Fenoy ny banga amin'ilay fàfana izay manome ohatra ny amin'ny fomba tokony hitomboanao amin'ireo sehatra tsirairay ireo ary amporisiho ny fianakavianao, na ny fiangonana sy ny fiaraha-monina hitombo amin'izany sehatra izany koa.

Tsarovy ny …

- Mifidy zavatra azo atao ao anatin'ny herinandro. Raha mifidy zavatra lehibe loatra ianao dia mety ho sarotra hotanterahina izany ary ny vokatra dia mety handiso fanatenana. Mifidiana zavatra kely hahafahana mahita fahombiazana ary hahafahana mifidy zavatra hafa amin'ny herinandro manaraka.
- Mifidiana zavatra tsy efa ataonao.

Toro-hevitra: Omeo fotoana izy ireo hijery ao amin'ny baoritra laharana voalohany. Afaka minitra vitsy, makà olona vitsy hanome ohatra avy amin'ny baoritra sasany. Anontanio raha misy olona sahirana mahita zavatra atao mifanaraka amin'ny iray amin'ireo baoritra 4 laharana voalohany. Angataho ny hafa hanome ohatra.

Ho an'ny vondrona ahitana olona tsy dia mahay mamaky teny sy manoratra—Sarotra amin'izy ireo ny hameno ny fafana ka noho izany dia tariho ny fifanakalozan-kevitra araka izao manaraka izao:

- Eritrereto ny fomba hahafahanao mitombo amin'ireo sehatra 4 ireo. Inona amin'izy ireo no tsy mbola ataonao?

- Eritrereto ny ankohonanao manokana. Mitombo amin'ireo sehatra 4 ireo ve izy? Milazà zavatra iray azonao atao anampiana ny ankohonanao na olona iray ao anaty ankohonana mba hitombo amin'ny iray amin'ireo sehatra ireo.

- Eritrereto ny fiangonanao. Misy olona ve ao azonao ampiana hitombo amin'ny iray amin'ireo sehatra ireo? Inona no azonao atao?

- Eritrereto ny fiaraha-monina misy anao. Misy olona ve ao azonao ampiana hitombo amin'ny iray amin'ireo sehatra 4 ireo? Inona no azonao atao?

Raha sahala amin'ny fitomboan'I Jesosy ny fitomboantsika, dia afaka mampahery ny hafa hitombo araka izany koa isika. Nandany fotoana maharitra Jesosy mba hitomboan'ireo mpianany. Nataony modely ny fiainany ary nasehony ny hafa ny fomba tokony hitomboany amin'ny fiainany. Tena liana tamin'ny fitomboan'ireo olona notarihiny Jesosy. Manana faniriana ny hianatra avy amintsika ny olona rehefa hitany fa liana ny amin'ny fiainany isika ary tiantsika ny hitomboany sahala amin'ny nitomboan'i Jesosy.

Fenoy ny ambin'ny fàfana amin'ireo hevitra azo anampiana ny ankohonana, na fiangonana na fiaraha-monina hitombo amin'ny sehatra nitomboan'I Jesosy.

Toro hevitra: Omeo fotoana ampy hieritreretana ny mpianatra. Manan-danja lehibe ny fananan'izy ireo fotoana hahazoana hevitra tsara toy izay maika ny hampihatra sy hieritreritra ny hevitra voalohany hitany.

Rehefa vitany izany dia mangataha olona 4 hizara ny heviny amin'ny rehetra, Anontanio raha misy sahirana mahita hevitra mifanaraka amin'ny baoritra sasany ary jereo raha misy vondrona afaka miaraka mahita ohatra tsara. (Raha tsy ampy ho an'ny tsirairay ny fotoana dia ampaherezo ny mpianatra hitohy hamita izany any an-trano.)

Teny manodidina	**Sehatra nitomboan'I Jesosy**			
Ny fitomboana	**Fahendrena**	**Ara-batana**	**Ara-panahy**	**Ara-pifandraisana**
tena manokana	*Mamaky boky mikasika izay zavatra tiako ho fantatra bebe kokoa*	*Manao dia an-tongotra maharitra*	*Maka tapak'andro hahafahana mivavaka*	*Mandefa teny fampaherezana ho an'ny hafa*
Fianakaviana	*Mifanakalo hevitra ny amin' ny fampiharana Ohabolana ao anaty ankohonana*	*Manasa vilia aorian'ny sakafo*	*Mitarika ny ankohonako hivavaka isan'andro*	*Mitondra ny vady haka fotoana manokana tsy miaraka amin'ny ankizy*
Fiangonana	*Miresaka ny amin'ny fampiharana ny toriteny tamin'ny alahady rehefa tonga ny alatsinainy*	*Manamboatra ny làlana miditra mankao am-piangonana*	*Mivavaka ho an'ny mpitandrina sy ny loholon'ny fiangonana isan'andro*	*Manasa olona samihafa avy ao am-piangonana hiara-misotro kafe na dite*
Fiaraha-monina	*Miresaka ny olan'ny fiaraha-monina amin'ireo mpitarika*	*Mandeha mitety ny manodidina ary mitsimpona ireo fako miparitaka*	*Manasa ny mpiara-monina hiara-mankalaza ny krismasy*	*Milalao baolina miaraka amin'ny ankizy eo an-tanàna*

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY (OLONA 2 na 3)

Ao anaty vondron'olona 2 na 3 (tsy mihoatra ny 3!), mizarà zavatra iray kasainao atao. Mifampitondrà am-bavaka mba hanomezan'Andriamanitra anareo hery hahafahanareo manatanteraka ny fikasanareo.

Lesona 5: Tian'Andriamanitra hanampy ny fiangonana

Tanjona

1. Mahafantatra ny antson'Andriamanitra hanao asa fanompoana amin'ny teny sy amin'ny asa koa.
2. Mahita fa rehefa manao hetsi-pitiavana dia ho voasarika ho ao am-piangonana ny olona.
3. Mamantatra ny fomba hahafahan'ny fiangonany hanomboka haneho hita maso ny fitiavan'Andriamanitra.

Fitaovana

1. Toro lalana ho an'ny mpianatra:
    a. 5.1 Fandinihana tranga (dika 2 ho an'ny manolo-tena hanao izany)
    b. 5.2 Fomba entina manampy (dika iray isaky ny vondrona)

Fampidirana

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY (OLONA 4)

Tanisao ireo hetsika rehetra efa ataon'ny fiangonana (Manaova sary hanehoana ireo hetsika raha ilaina).

Toro-hevitra: Rehefa vita, dia asaivo jeren'ny vondrona ireo lisitry ny asa nosoratany raha zavatra azon'ny olona ao am-piangonana atao na zavatra azon'ny olona tsy mandeha am-piangonana atao. Firy avy isaky ny sehatra izy ireo? Mariho amin'ny marika hafa ny asa tokony atao amin'ireo mahantra sy mila fanampiana, firy izy ireo?

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

1. Ahoana ny fieritreretan'ny fiaraha-monina ny fiangonana?

2. Inona no eritreretin'ny fiaraha-monina fa ataon'ny fiangonana?

3. Ahoana ny fieritreretan'ny fiaraha-monina ny kristiana?

4. Te hamonjy fiangonana ve ny olona ao anaty fiaraha-monina sa mila asaina izy vao ho tonga ao?

5. Ahoana ny fiheveranao izay mety fahatsapan'ny fiaraha-monina raha tsy eo intsony ny fiangonana?

6. Heverinao fa hahafaly an'Andriamaitra ve izany?

Isaia 58

Isaia dia nanoratra ho an'ny Isiraely izay vahoaka voafidin'Andriamanitra. Izy ireo no ohatra ho an'ny fiangonana amin'izao fotoana izao.

Vakio Isaia 58:1-10 dia mifanakaloza hevitra ny amin'ny:

- Inona no nataon'ny vahoaka?
- Ahoana ny fihetsik'Andriamanitra manoloana ireo vahoaka ireo?
- Nahoana no nihetsika toy izany Andriamanitra?

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY (OLONA 4 na 5)

Asaivo fintinin'ny vondrona tsirairay amin'ny fehezan-teny iray na amin'ny sary ny andalan-tsoratra masina.

Rehefa avy maneho ny fehezan-teny na sary ny vondrona tsirairay dia anontanio azy ny heviny ny amin'izay mety ho dikan'izany amin'ny fiangonana amin'izao fotoana izao.

Fanasina sy Fahazavana

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY NA LEHIBE

Vakio Mat 5:13.

- Nahoana no nilazan'I Jesosy fa ny kristiana dia "fanasin'ny tany"?
- Ahoana no hahatonga antsika ho tahaka ny "sira"?
- Ahoana no mety hahavery ny "mahasira" antsika?

Vakio Mat 5:14-16.

- Nahoana no te hanarona ny "fahazavana" isika indraindray?
- Ahoana no hampahazava antsika bebe kokoa?

Tantaran'ny fanasina sy fahazavana

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

Toro-hevitra: mampiasà fandinihana tranga laharana faha 5.1, mangataha olona hanolo-tena hamaky ny tantara tsirairay.

Vakio ny tantara 1 – Lamba fitafy ho an'ny mahantra

Ny mpikambana ao amin'ity fiangonana ity dia nihevitra fa mpivavaka ory sady vitsy an'isa izy ireo. Natahotra ny hanao asa fanompoana ivelan'ny fiaraha-monina kristiana izy ireo. Rehefa nahafantatra fa tokony hampiseho ny fitiavan'ny Kristy amin'ny fiaraha-monina rehetra izy ireo dia nampahery ny vehivavy hanao fanadihadiana mandritra ny herinandro manaraka ny amin'ny zavatra ilain'ny fiaraha-monina ny mpitandrina.

Ny herinandro manaraka, tao anatin'ny fivoriam-bavaky ny fiangonana dia nanao tatitra ny vehivavy fa misy vehivavy Hindu 12 tsy manana afa-tsy lamba fitafy 1 ihany. Amin'ny andro mafana dia tokony hosasana isan'nandro ny lamba fitafy. Raha tsy manana afa-tsy iray ny vehivavy dia tsy afaka mivoaka ny trano izy mandra-paha mainan'ny lamba fitafiny nosasany. Nanontanian'ny mpitandrina ny vehivavy ao am-piangonana raha misy manana lamba fitafy 3 ka afaka hanome ny iray amin'ireo ho an'ny vehivavy Hindu. Betsaka ny vehivavy namaly ny antso hanome. Ny herinandro manaraka dia lasa ny vehivavy nitsidika ny tokan-trano misy an'ireo vehivavy tsy manana afa-tsy lamba fitafy iray ka nanolotra azy ireo lamba fitafy hafa. Tena nampiaiky volana ny vehivavy Hindu ity fihetsika ity ka nahatonga azy ireo nanasa ireo vehivavy Kristiana hivavaka ho azy. Ny sasany amin'ireo vehivavy Hindu bevohoka koa dia nangataka ny vehivavy kristiana mba hivavaka ho an'ny zanany mbola ao am-bohoka.

Vakio ny tantara 2 – Rano ho an'ny mpiara-monina

Tamin'ny faritra iray dia niatrika tsy fahampian-drano ny mponina. Rehefa avy nianatra ny amin'ny fanirian'Andriamanitra mikasika ny tokony hanaovan'ny fiangonana asa eo anivon'ny fiaraha-monina ny fiangonana dia nanapa-kevitra ny mpitarika ny amin'izay mety ho azon'ny fiangonana atao hamahana ny olan'ny tsy fisian-drano. Nahita olona izy ireo izay mampanofa fitaovana entina manao lavaka fantsakana hadiana amin'ny tanana. Vao nahare izany ny olona dia nandà mafy io soso-kevitra io. Noheverin'izy ireo fa tena ho lalina be vao hahita rano. Raha nety ny nanao lavaka fantsakana atao tanana hoy izy nahoana no tsy efa natao hatrizay? Na izany aza dia nanapa-kevitra ny hanandrana hanao ihany ireo mpitarika ny fiangonana. Nofaina ireo fitaovana rehetra ilaina. Nentina teo amin'ny toerana nitoeran'izy ireo izany ary nanomboka nandavaka tao an-damosin'ny trano fiangonana. Rehefa nipoitra ny rano tany amin'ny faha 13 metatra dia nihoby sy nihoraka tamim-pihetseham-po ny olona.



Ireo tsy mpiangona anefa dia tsy faly noho izany. Noheveriny fa hogiazan'ny mpino ho azy ireo ihany ny rano. Mifanohitra amin'izany anefa dia nanasa ny olona rehetra hifampizara ny fitahian' Andriamanitra ny amin'ny fahombiazana tsara ny fiangonana. Tsy ela taorian'izay dia tonga nanontany ny mpitarika ny fiangonana ireo solon-tenan'ny fiaraha-monina manodidina raha toa ka afaka ny hanampy azy ireo hanao toy izany koa ireto mpitarika. Nanaiky izany ny mpitarika ka tao anatin'ny herintaona mahery fotsiny dia lavaka fatsakana 15 no voalavaka natao tanana ka ny iray amin'izany dia maherin'ny 24 metatra ny halaliny.

Satria naneho ny fitiavan'Andriamanitra tamin'ny alalan'izany hetsika izany tamin'ny fiaraha-monina ny fiangonana, dia nihaiky volana ny mponina ka raha nanasa ny vahoaka hihaino ny hafatra ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra ny fiangonana dia feno hipoka izany. Te hahalala bebe kokoa momba an'Andriamanitra sy ireo olona nanome rano izy ireo.

- Inona no nataon'ireo fiangonana?
- Fiangonana nanan-karem-be ve izy ireo?
- Harena manao ahoana no nampiasainy?
- Nahoana no nanao izany zavatra izany izy?
- Inona no fiantraikan'ny hetsika nataony?

Ondry sy Osy – Mat 25: 31-46

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

Toro-hevitra: Ampio ny mpianatra hahita fa ny ifantohan'ity pejy ity dia zavatra azo tsapain-tanana. Jesosy dia tsy niteny hoe "Noana aho dia nomenareo taratasy hovakiana" na "Narary aho dia nandefasanareo horonam-peo hohenoiko" Vahaolana azo tsapain-tanana ho an'ny olana ara-batana.

Vakio Mat 25:31-46.

1. Inona no mahasamihafa ny ondry sy ny osy?
2. Inona avy ireo zavatra ataon'ny ondry? Zavatra ara-panahy sa azo tsapain-tanana?
3. Im-piry ny fiangonanao no mankato ireo zavatra voalazan'I Jesosy?
4. Inona no mety ho fiantraikan'izany amin'ny fiaraha-monina raha manao izany ny olon'ny fiangonana rehetra?

   Valin-teny mety ho azo:
   - *Mety hanana fijery tsara ny fiangonana izy ireo*
   - *Mety hihatsara ny fiainany*
   - *Mety hisokatra bebe kokoa te hianatra ny amin'Andriamanitra izy ireo*

Fomba hanampiana ny hafa

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA MADINIKA

Mieritrereta hevitra manokana vitsivitsy mikasika ny fomba azon'ny fiangonana anampiana amin'ny lafiny tsirairay. Ampiasao ny fafan'ny fomba fanampiana laharana faha 5.2 ary miaraha miasa hamenoana ny fafana lehibe.

Toro-hevitra: Rehefa feno ny fafan'ny fomba fanampiana laharana faha 5.2 dia asaivo mizara ny heviny amin'ny vondrona hafa izy ireo.

Filàna	**Fomba afaka hanampian'ny fiangonana**
Noana	
Tsy manana hotafiana	
Tsy manan-kialofana	
Marary	
Any am-ponja	

Lesona 6: Inona avy ireo filàna azo anampiana

Tanjona

1. Mahita ireo loharano sasany efa misy eo amin’ny fiaraha-monina.
2. Mieritreritra ireo fomba azo ampiharina entina manampy amin’ny fampiasana izay zavatra anànana.
3. Manokatra ny mason’ny mpianatra hahita ny olana eo amin’ny fiaraha-monina.

Fitaovana

1. Toro-làlana ho an’ny mpianatra:
    a. Mpitandrina Wong 6.1 (Dika iray isaky ny vondrona)
    b. Fandinihana tranga 6.2 (Dika iray isaky ny vondrona)

Ny fahitan’ny mpitandrina Wong

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

Vakio ny tantaran’ny mpitandrina Wong.

Nisy mpitandrina fiangonana kely iray izay tamin'ny faritra mahantra ao amin’ny tanàn-dehibe iray, Wong no anarany. Vao tsy ela no nifindra tao amin'io fiaraha-monina io i Wong satria nahatsapa izy fa nirahin'Andriamanitra ho eo. Azo lazaina fa kely ihany ilay Fiangonana satria 40 teo ho eo ny mpikambana tao anatiny. Vehivavy sy zaza no ankamaroany. Nanana asa roa i Wong. Nanana asa hafa izy hamatsiany ny vadiny sy ny zanany roa izay mbola kely ary nanao izay tratry ny heriny hitandrina ny andian’ondry keliny.

Indray andro, tahaka ny fomba nahazatra azy, dia niarina adiny iray mialoha ny mazava andro izy mba hanana fotoana manokana miaraka amin'Andriamanitra. Nitsangana izy, niakanjo ary nisisika moramora tao ambadiky ny lamba manasaraka ny efitra fandraisam-bahiny sy ny efitra mbola natorian’izy telo mianaka. Narehiny ilay jiro kapoaka kely misy solika ary nanomboka namaky ny baiboliny izy. Tamin'io maraina manokana io dia namaky avy ao amin'ny Isaia toko faha-58 izy, ary nihaino ny fitarainan'Andriamanitra ny amin’ny karazana fanompoam-pivavahana tiany:

Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako: Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahorina ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra? Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirim-belona amin'ny namanao ianao?

Tsy afaka nanohy intsony i Wong. Niady mafy tamin'ny sainy ny fony. Ahoana no fomba tena hikarakaran' Andriamanitra ny mahantra nefa i Wong aza mitoetra eo anivon'ny fahantrana sy ny fijaliana izay mamaky ny fony? Fantany tsara ny fahasahiranana atrehin'ny vahoaka ao amin'ny fiaraha-monina mba hahafahany miaina. Tena ory izy ireo. Na dia manana ny ampy hikarakarany ny fianakaviany aza izy dia matetika tsy afaka mividy ny fanafody ilain'izy ireo. Nieritreritra izy hoe: "Aiza Andriamanitra? Ahoana no ahafahan'ity Soratra Masina ity mifanaraka amin'ny zavatra ilaina ao Las Pavas? "

Raha mbola miady mafy ao an-tsainy izy dia injao reny misy mandondona moramora ao am-baravarana. "Mba iza re izao tonga mamangy vao maraim-be izao e? hoy I Wong tao an-tsainy. Nankeny am-baravarana izy ary nanontany hoe: "Iza izao?" Dia namely ilay feo avy ao am-badika hoe: "I Jesosy ihany ity, Wong a." "Iza?" nanontany indray I Wong. "I Jesosy ihany e!" hoy ilay feo. "Iza marina ianao e?" mbola nanontany ihany I Wong. Dia namaly ihany koa ilay feo: "Wong ô! I Jesosy ity, tonga aty aminao aho satria reko ny hiakiaky ny fonao. Tiako mba asehonao ahy izay mampitebiteby anao."

Tena tahaka ny feon'olombelona ilay feo. Nesorin'I Wong moramora ny hidim-baravarana ary nosokafany izany. Mbola mangiran-dratsy moa ny andro ka toa aloka fotsiny no hitan'I Wong, nefa dia sahala amin'i Jesosy ilay noeritreretiny izany. "Mandrosoa ary Tompo ô!" hoy Wong. "Tsia, ry Wong fa mba tiako raha entinao mitety ny tanananao aho ary asehoy ahy izay mamaky ny fonao." Sady gaga I Wong no nanaiky ary nampitandrina hoe: "Mila mitandrina tsara ary isika raha handeha hamakivaky ny tanana satria somary avy be ihany ny orana tato ho ato ka be ny fotaka moa tsy dia ampy lava-piringa loatra aty"

Raha nandeha namakivaky ireo lalana anaty tanàna ry zareo dia mitantara ny amin'ireo trano lalovany amin'I Jesosy I Wong. Ato amin'ity trano ity hoy izy misy vehivavy nivarotra ny tenany mba hahafahany manome sakafo ny zanany. Ato amin'ity trano bongo manaraka ity indray no ahitana lehilahy mpimamo lava iray izay mikapoka ny vady aman-janany isaky ny mamo izy nefa dia matetika tokoa izany, iry am-pita iry indray no ahitana ny tranon'I prezida patron, lehilahy iray izay naka vola tamin'ny vahoaka ary nampanantena azy ireo ny hisarihana herin'aratra ho eto nefa dia nisotroany sy nilokàny ny volan'olona.

Dia nandalo toerana malalaka eo afovoan-tanàna izy ireo. Toerana tokony ho fivoriam-pokonolona izany nefa dia feno fako maimbo sy voalavo mifanaretsaka. "Hitanao ve iry trano iry? hoy Wong Sady manondro ilay trano ratsy kely eo an-tsisin'ilay havoana izy". Vehivavy iray sy zaza 4 no monina ao. Mitete be ny tafon-tranony ary tena mahantra izy ireo. Tena zara raha mitafy sy mihinana izy ireo ary matetika tsy salama. Dia tonga teo amin'ny sisin'ny havoana misy ny faran'ny tanàna ry zareo. Nanondro lavidavitra I Wong: "Ery ambany ery no fantsakan'ny vehivavy sy ny ankizy rano satria efa tsy misy rano intsony eto Las Pavas"

Raha nitohy niodina nanaraka ny lalana I Wong dia naheno sentosento. Nitodika nijery izay nihavian'izany I Wong ary indro hitany Jesosy nitomany! Hitan'I Wong tamin'izany fa izay nandratra sy nahavaky fo azy dia mba nandratra sy nahavaky fo an'I Jesosy koa. Nanomboka niteny I Wong nefa nanatona Jesosy ary namihina azy, nijery ary tsara ka nilaza hoe: " Hitanao ry Wong, tiako aseho anao izay rehetra kasaiko hatao eto Las Pavas."

Tampoka teo dia niondrika nijery an’ny Las Pavas I Wong. Nanomboka niteny Jesosy ary hitan’I Wong tsara izay famaritana rehetra lazainy ary indro koa fa tanteraka izany. Niresaka ny amin’ireo olona ao am-piangonan’I Wong Jesosy, fa na dia eo aza ny fahantrany dia mizara izay ananany amin’ireo mpifanolo-bodirindrina aminy izay mahantra noho izy. Hitany koa fa isan’andro dia manangona vary kely izy ireo ary rehefa tonga ny faran’ny herin’andro dia angoniny izany ka entiny any am-piangonana mba ho zaraina, amin’ny anaran’I Jesosy, amin’ireo mpiara-monina sahirana noho izy. Sahala amin’izany koa ny ataony amin’ny savony. Ireo vehivavy ao am-piangonana dia hitany fa lasa mamangy ny vehivavy hafa maty vady ary manampy azy ireo manasa ny lambany, mahandro ny sakafony ary mikarakara ny zanany rehefa tsy salama izy ireo.

Niresaka momba ny asa i Jesosy, ary hitan'i Wong fa nanana asa ny olona. Tsy asa be karama, fa asa izay nanome fahamendrehana sy nandoavana ampy ho an'ny filàna fototra. Niresaka momba ny trano Jesosy, ary hitan'i Wong ireo trano ratsy izay nitete sy nangatsiaka dia lasa trano ara-dalàna. Tsy trano mihaja, fa trano izay azo antoka sy madio. Niresaka momba ny rano Jesosy, ary tampoka teo dia nisy toeram-pantsakana teo amin'ny toerana niavaka iray izay nahazoan'ny vehivavy sy ny ankizy maka rano madio. Niresaka momba ny fidiovana koa Jesosy, ary hitan'i Wong fa nisy lava-piringa, tsy isan-tokan-trano fa ampy ary azon'ny rehetra nampiasaina. Nanjavona ilay antota-mpako teo afovoan-tanàna ary teo amin’ny toeran’izany dia nisy hazo maro naniry ary indreo ny ankizy mifanaretsaka mifaly sy milalao ary mandaka baolina. Niresaka momba ny fiovam-piainana ihany koa Jesosy, ary hitan'i Wong fa ilay ramatoa nivarotra ny tenany hamelomany ny zanany dia nanana asa mendrika. Ilay lehilahy mpimamo dia lasa vady sy ray mahate ho tia. Ilay prezidà patron kosa lasa olona mahatoky, nampiasa ny vola araka ny tokony ho izy ary nanampy ny mpiara-monina.

Avy eo Jesosy dia niteny hoe: "Wong, jereo ny fiangonana!" Dia nijery i Wong. Hitany fa feno izany. Nisy lehilahy betsaka teo! Faly ny vahoaka. Nidera an'Andriamanitra noho ny hatsaram-pony izy ireo. Hita tao koa i Wong nitory sy nampianatra ary nitarika ny vahoakany tamin'ny Fanahy sy tamin'ny asan'ny fankatoavana sy fitiavana. Nanazava Jesosy hoe: "Wong, ity fahitana ity dia tsy ho tonga amin'ny fahafenoany mandra-piveriko, nefa io no fikasako ho an'i Las Pavas. Tiako ianao hizara ity fahitana ity ary hanomboka hitarika ny vahoakan'i Las Pavas ho amin’izany. "

Nanomboka nanohitra i Wong hoe: "Nefa mahantra loatra izahay Tompo ô!", "Wong" hoy i Jesosy nanontany azy moramora, "iza no nitondra ny zanak'Israely niampita ny Ranomasina Mena? Iza no nampitombo ny mofo sy ny trondro ary nanome sakafo lehilahy dimy arivo sy ny vehivavy ary ny ankizy? Iza no nampitombo ny menaka sy ny koban'ny mpitondra tena tao Zarefata mba hananany ny ampy hamelomany ny fianakaviany mandritra ny telo taona amin'ny mosary? Iza no nampitony ny Ranomasin'i Galilia? "" Ianao no nanao izany, Tompo ô!, "hoy Wong. "Noho izany, Wong, aoka ankatoavino ny zavatra nangatahiko hataonao. Zarao izay anananao, na dia kely aza. Ambarao ny fikasako tsara ho an'ny olonao na amin’ny lafiny ara-panahy na ara-batana. Ary hahasitrana ny taninareo Aho!”

Nandre feon’akoholahy maneno i Wong. Ny vadiny henony nikohaka ary nihetsika teo ambadiky ny lambam-baravarana. Nipetraka teo akaikin’ny latabatra izy, saingy efa maty ny jirony. Efa nazava ny andro. Nitoditodika nijery an'i Jesosy i Wong saingy tsy nahita Azy. Nanontany tena izy hoe: "Nanonofy ve aho? Fahitana ve izany? "Tsy azony onona tsara, nefa fantatr'i Wong fa nihaona tamin'i Jesosy izy ary nahazo fahatakarana vaovao momba ny fiahian'Andriamanitra ny mahantra ...

ary ny fahitana vaovao momba ny fomba hitarihany ny vahoakany amin'ny anehoana ny fitiavan'Andriamanitra ao Las Pavas.

- Inona avy ireo olana sasany hita tao amin'ny fiaraha-monin'i mpitandrina Wong? Zarao ho lisitra efatra ireo olana ireo: ara-panahy, sosialy, ara-batana ary ara-tsaina.

- Inona no fikasan'Andriamanitra ho an'ity fiaraha-monina ity? Jereo tsirairay ireo olana ireo ary jereo ny zavatra nasehon'i Jesosy ho vahaolana.

- Inona no nasain'I Jesosy hataon'I Mpitandrina Wong?

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

Inona no nianaranao avy amin'ny tantaran'ny mpitandrina Wong sy ny fifanakalozan-kevitra nataonareo?

- *Nanana faniriana tsara Andriamanitra ho an'ny fiaraha-monina na amin'ny lafiny ara-panahy na ara-batana.*
- *Jesosy dia naniraka ny mpitandrina Wong hanambara ny faniriana tsara tiany hatao eo amin'ny fiaraha-monina.*
- *Ny fahantrana dia tsy olana amin'Andriamanitra. Ny tokony ataontsika dia ny mankato azy fotsiny.*
- *Hositranin'Andriamanitra ny tanintsika raha manaraka ny làlany isika.*



Fanadihadiana tranga: Jose sy Maria

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Toro-hevitra: Omeo ny (copie) dikan'ny fanadihadiana tranga laharana faha 6.2 mikasika an'I Jose sy Maria ny vondrona tsirairay.

Eritrereto hoe mitovy amin'ny fiaraha-monina misy anao ny an'I Jose sy Maria. *(Voatanisa etsy ambany ny mety ho valin'ny fanontaniana tsirairay.)*

Omaly, nirehitra ny tranon'i Jose sy Maria; tsy nisy na inona na inona tavela. Izy mivady sy ireo zanany dimy dia lasa nipetraka tamin-kavana. Na izany aza, efa olona 10 no miaina ao amin'io trano kely io, ka tsy misy toerana ho an'olona fito hafa intsony. Tantsaha i Jose ary efa vitany ny fiasana ny tanimboliny, saingy mbola afaka telo volana vao ho tonga ny fijinjana. Lany nividianany voa ho an'ny tanimboliny ny volany ary izay sisa azy dia may kilan'ny afo daholo.

Inona avy ireo sasany amin'ny zavatra ilain'ity ankohonana ity?

- *Sakafo*
- *Fialofana*
- *Fitafiana*
- *Fitaovana ahandroana sakafo*
- *Toerana azo atoriana mandra-pahavitan'ny tranony*

Inona avy ireo zavatra azo raisina eo amin'ny fiaraha-monina hanampiana?

- Olona
    - Herin-tsandry hanampy hanorina ny trano
    - Olona afaka hanampy hanomana sakafo ho an'ireo mpanao trano
    - Olona afaka hiambina ny ankizy
    - Olona afaka hampahery ny fianakaviana
    - Olona afaka hanampy hanadio ny toerana may nisy ny trano teo aloha
    - Olom-panjakana afaka manao vonjy taitra ho fanohanana
- Fitaovana
    - Vilany be sy lapoaly
    - Sakafo
    - Fitafiana
    - Bodofotsy firakotra
- Toerana
    - Azo ipetrahana



Ny fiaraha-monina misy antsika

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Valio ireto fanontaniana manaraka ireto raha azonao atao, avy eo amporisiho ny vondrona handeha eny anivon'ny fiaraha-monina misy azy mandritra ny 10 na 20 minitra hahatonga azy hahatsiaro ireo olana lehibe misy.

1. Inona avy ireo olana misy eo amin'ny fiaraha-monina?

2. Inona no heverinao ho fikasan'Andriamanitra mikasika ireo olana ireo?

HETSIKA ATAON'NY VONDRONA LEHIBE

Toro hevitra: Fanteno ireo olana telo voalohany, mampiasà voan-javatra atao vato fifidianana. (jereo ny naoty ao ambany).

Inona no angatahin'Andriamanitra hataon'ny fiangonana? Raiso ireo olana telo voalohany nofaritanareo ary mifanakaloza hevitra ny amin'izay zavatra hita eo amin'ny fiaraha-monina azo amahana ny olana. Resaho mikasika ny olona, ny fitaovana, ny vola mety ilaina sy ny toerana azo ampiasaina afaka hanampy hamahana ny olana. Miaraha mivavaka ho an'izay zavatra kasainareo atao vokatry ny resaka nifanaovanareo.

Toro hevitra mikasika ny fifidianana mampiasa voan-javatra:

Misy fomba roa azonareo ampiasaina ao am-pianarana hanaovana izany:

1. Omeo voa 10 avy ny tsirairay (na hazokely fisikora-nify, ravina, vato, sns.) ary asaivo apetrak'izy ireo araka izao hevitra manaraka izao ny zavatra eny an-tanany: voa 4 tandrifin'izay olana heveriny fa tena lehibe, 3 ho an'ny olana manaraka, 2 aorian'izay ary 1 raha tsy dia manan-daja loatra.

2. Omeo voa 10 avy ny olona ary asaivo zarainy amin'ireo olana rehetra izany ka izay olana heveriny fa lehibe indrindra no omeny voa betsaka kokoa.

Ireo fomba roa ireo dia samy manampy hahafantarana ny olana nahazo ny voa betsaka indrindra.

Lesona 7: Kajin'ny Fanjakana

Tanjona

1. Mijoro vavolombelona ny amin'ny fampitomboan'Andriamanitra sy ny fitahiany rehefa mankato ny olona.
2. Mamantatra ny lalàn'ny fijinjana: raha afafy amin'ny fankatoavana ny voa ary ampitomboin'Andriamanitra dia hitondra vokatra na dia tsy hitan'ny mpamafy amin'ny masony manokana na ananany traik'efa aza ny fitombon'izany.
3. Mahita fa na ny mahantra aza dia afaka ho "tia ny namany tahaka ny tenany."
4. Mahazo an-tsaina fa ny olona dia efa manana sahady izay rehetra ilaina hahafahana manatanteraka ny didy hitiavana ny hafa.
5. Mahafantatra fa misy fiantraikany ny fankatoavana na tsy fankatoavana ny fitiavana ny hafa.

Fitaovana

1. Fanampiana maso:
    a. 7.1 Sary famantarana ny Isaia 40:29 (pejy 5 /antoko 1 ihany)
    b. 7.2 Valopy misy ny sary Mofo dimy sy hazandrano roa (valopy 1 isaky ny vondrona)
    c. 7.3 Valopy misy ny sarin'I Elia sy ilay vehivavy mananon-tena (valopy 1 isaky ny vondrona)
    d. 7.4 Valopy misy ny sarin' ilay vehivavy mpitondra tena sy ny farantsany (valopy 1 isaky ny vondrona)
    e. 7.5 Valopy misy ny fanoharana ny amin'ny talenta (valopy 1 isaky ny vondrona)

Fanamarihana: Raha tsy dia mahay mamaky teny ny olona ao anaty vondrona dia ampiasao ireo karatra maneho ireo zavatra nananany teo aloha sy aty aoriana. Asaivo fantenan'ny vondrona ka atao toko roa ny sary teo aloha sy taty aoriana. Anontanio azy avy eo ny mahasamihafa ny toko roa. Ahoana no nahafahan'ny olona nifindra avy amin'ny toko voalohany ho amin'ny toko faharoa? Ataoavy azony antoka tsara fa Andriamanitra no nahatonga ny fitomboana.

Fampidirana: Isaia 40:29 (tokon-karatra laharana faha 7.1)

Voamarikareo ve fa manana fitsipika fanaovana kajy ny Baiboly raha jerena eto. Amin'ity lesona ity dia hijery ireo fitsipika fanaovana kajy ao anaty baiboly isika.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Isaia 40:29. Hazavao fa ity no ho fanalahidin'ity lesona ity.

- Iza no matanjaka? Iza no kely hery?
- Inona no ataon'Andriamanitra ho antsika?
- Azontsika avadika ho raiki-pohy ve io an-dalan-tsoratra masina io? Ndao andramana...

Toro hevitra: Raha lehibe ny vondrona tarihina dia mangataha olona 5 ary omeo azy ireo avy ny famantarana fanaovana kajy. (Fanampiana maso: tokon-karatra laharana faha 7.1).

Raha vondrona kely dia apetraho eo ambany ny karatra rehetra ary miaraha mamerina amin'ny filaharana tokony ho izy ny karatra rehetra.

"Ny fahakelezan'ny herintsika x Andriamanitra = Tanjaka"

Inona no azontsika ianarana avy amin'io teny io— io "raiki-pohy " io?

"Ilay tovolahikely sy ny sakafony": Jaona 6:1-14 (tokon-karatra faha 7.2)

Toro hevitra: Miomana hitantara ny tantara tsirairay avy ao amin'ny lesona amin'ny fomba miavaka.

Indray andro dia nisy zazalahy kely iray. Naheno izy fa nisy mpampianatra malaza iray tonga tany amin'ny Ranomasin'i Galilia ary naniry ny handeha any izy mba hihaino azy. Nangataka tamin'ny reniny izy saingy nolaviny satria lavitra loatra ilay toerana moa ny sakafo koa efa vonona. Nitohy nangataka im-betsaka ihany anefa izy ary farany dia nanaiky ny reniny. Namonosany sakafo kely tao anaty lamba izy ary dia niainga.

Rehefa tonga tany amin'ny toerana nalehany izy dia nahita fa efa feno olona izany. Tahaka ny zazalahy rehetra, dia nisisika tao anaty vahoaka izy mba ho eo anoloana. Farany dia nahita toerana iray nahafahany naheno mora ny mpampianatra sy ny mpanaraka azy izy. Tsy afaka nino ny fomba fampianaran'ilay mpampianatra sy ny zavatra nolazainy izy. Hadinony tanteraka fa mbola tsy nihinana ny sakafony izy.

Farany dia nanomboka nahatsapa ny hamafin'ny hanoanany izy ary tsaroany ny sakafo nomanin'ny reniny. Nalefany tsikelikely tao anaty paosiny ny tanany ary niezaka ny tsy hisarika ny mason'ny olona ho any aminy.

Tampoka teo dia nijanona ilay mpampianatra ary nilaza tamin'ny mpianany mba hanome sakafo ny olona rehetra. Nijery manodidina ilay zazalahy ary hitany fa nitombo ho 20 000 ny olona. "oooh," hoy izy anakam-po: "Ahoana no hataon'izy ireo hanome sakafo ireto olona be dia be ireto?" Raha nieritreritra izany izy dia nihevitra toy izany koa ireo mpianatra ary nanontany an'ilay mpampianatra hoe aiza no hahazoana vola hividianana sakafo ho an'ny vahoaka be dia be. Izany ve tsy hitovy amin'ny karama herintaona farafahakeliny.

Nanontany azy ireo ny mpampianatra hoe: "Inona no anananareo?" Nanomboka nanafina ny sakafony ilay zazalahy kely saingy tara loatra. Ny mpanampy azy iray Andrea no anarany no niteny hoe. "Mpampianatra ô," hoy izy, "manana mofo kely 1,2,3,4,5 sy trondro 2 isika."

Dia namaly ilay mpampianatra hoe: "Ento atỳ amiko izy ireo."

Azonao an-tsaina ve izay nitranga taorian'izay?

Hoy i Andrea tamin'ilay ankizilahy: "Mila ny sakafonao antoandro ny mpampianatra." Nanaiky ny hanome ny sakafony an'i Andrea izy, ary nomeny an'ilay mpampianatra izany.

Noraisin'i Jesosy ny sakafon'ilay zazalahy ary nisaotra izy avy eo nanomboka nizara ny sakafo. Kepoka tsy nahateny ilay zazalahy tsy nino nefa nibanjina ny mpianatra nitohy nizara ny sakafo. Nihinana ny olona ary nitohy nihinan-kanina mandra-pahavokiny. Nijery manodidina izy ary nahita fa nisy sakafo 12 sobika sisa tavela.

Teo dia tsy andriny ery ny hodiany hahafahany mitantara amin-dreniny. Nihazakazaka izy nody ary nilaza tamin-kafanam-po be tamin-dreniny fa ny sakafony atoandro dia nahavoky lehilahy 5000, sy vehivavy ary ankizy! Dia nitodika tany aminy reniny ary nisento ka nanao hoe: "Anaka, impiry aho no nilaza taminao mba tsy hamorona tantara!"

Ahoana no hahafahantsika mamadika ity tantara ity ho raiki-pohy?

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY (OLONA 3 na 4)

Toro hevitra: Omeo valopy tsirairay misy ny sarin'ny "tovolahikely sy ny sakafony" efa voatapatapaka ny vondrona tsirairay (Fanampiana maso tokon-karatra faha 7.2) NA manaova sary lehibe ary asaivo miara-miasa ny vondrona hamoaka ny raiki-pohy. Manaova soso-kevitra hanampiana azy hahita valin-teny. Rehefa nahavita raiki-pohy iray niaraka ny vondrona dia afaka manohy izany ao anaty vondrona kely izy ireo.

Valiny: "tovolahy + mofo 5 + trondro 2 x Jesosy = sakafo ho an'olona 5000 + vehivavy sy ankizy + sobika 12 "

Ankehitriny, izany no kajin'ny fanjakana!

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

- Nila an'ilay tovolahikely sy ny sakafony ve Jesosy? Nisy fomba hafa ve azony nampiasaina hamokisana ny olona?

- Nahoana no nanapa-kevitra ny haka ny hany sakafon'ilay tovolahy Jesosy?

Lazao amin'ny mpianatra fara ha mbola mitohy mihevitra ireo fanontaniana ireo izy, dia mbola hitohy hanao kajin'ny Baiboly isika.

"Ilay vehivavy mpitondratena sy ny fara-sakafony ": 1 Mpanjaka 17:7 (Tokon-karatra faha 7.3)

Fotoana tena sarotra teo amin'ny tantaran'ny Isiraely izy ity. Ny firenena dia niharan'ny mosary mafy nandritra ny 3 taona sy tapany. Maty ny olona. Na i Elia, mpaminanin'Andriamanitra aza, dia nijaly.

Saingy Andriamanitra dia nampiasa vehivavy mpitondratena iray mba hikarakara an'i Elia. Rehefa nandeha namakivaky ny tanàna i Elia, dia nahita vehivavy iray naka kitay ary niteny taminy Andriamanitra mba handeha hanatona azy io ary hangataka "rano kely ao anaty siny mba hosotroina." Nanaiky ny haka ny rano ho an'i Elia ilay vehivavy, saingy talohan'izany dia nanontany azy Elia raha toa ka afaka hitondra mofo hohaniny izy aloha, vao hihinana izy sy ny zanany.

Dia namaly ilay ramatoa hoe: "Raha mbola velona koa ny Tompo, dia sakafo indray mihinana ho an'ny zanako lahy sy ho ahy no ananako, ary dia ho faty tokoa izahay!" Ary hoy Elia namaly azy: Aza matahotra, fa ny Tompo no hamatsy. "

Dia nitodika ilay vehivavy ka nandao an'i Elia mba hanomana sakafo ho azy avy amin'ny menaka kely sy koba izay ananany. Kanefa rehefa nampiasa ny menaka sy ny koba izy mba hanaovany hanina ho an'i Elia, dia gaga raha nahita ny tavoahangy fanaova-menaka sy ny koba mbola feno indray, toy ny tsy mbola nokasihina mihitsy. Ary hoy ravehivavy tamin'i Elia: "Efa nampiasaiko daholo izay nananako ho anao nefa indro niverina izany. Deraina ny Tompo! "

Ny Baiboly dia milaza amintsika fa tsy vitan'ny hoe namatsy manana amby ampy ho an'i Elia sy ilay vehivavy ary ny fianakaviany ihany Andriamanitra tamin'io andro io, fa namatsy azy sy ny fianakaviany hanina mandritra ny 3 taona sy tapany manaraka koa! Fahagagana.

Izany ny kajin'ny Fanjakana!

Ahoana no hahafahantsika mamadika ity tantara ity ho raiki-pohy?

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Toro-hevitra: Zarao ny valopy (Fanampiana maso tokon-karatra faha 7.3) ary avela ny vondrona hanandrana hamoaka raiki-pohy.

Ao amin'ny valopy ho an'ny tsy dia mahay mamaky teny dia asio sary na soratra hoe:

- Mpitondratena
- Mofo1
- Sakafo ho an'olona 3 mandritra ny 3 taona
- **Valiny:** "Mpitondratena + Mofo 1 x Andriamanitra = Mofo 1 x Olona 3 x 365 andro x 3 taona = 3,285"

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

- Mahantra ve ilay vehivavy?
- Afaka nanome sakafo an'I Elia tamin'ny fomba hafa ve Andriamanitra?
- Nahoana no nangataka an'I Elia handeha hanatona an'io vehivavy mpitondratena io mba hangataka sakafo Andriamanitra?
- Nahoana no nangatahan'Andriamanitra ny hany sakafon'ilay ankizilahy?
- Manana fo ho an'ny mahantra sy ny mpitondratena ve Andriamanitra?

"Mpitondratena sy ny farantsany roa": Marka 12:41 (tokon-karatra faha 7.4)

Indray andro dia nipetraka teo akaikin'ny sobika fanatazan-drakitra tao amin'ny tempoly i Jesosy. Hitany ireo mpanankarena nisarika ny fijerin'ny hafa ho amin'ny tenany rehefa nanolotra fanatitra izy ireo. Nisy vehivavy iray mahantra izay tsy nanana afa tsy vola madinika roa. Satria ireo no hany fananany dia nahatsiaro menatra izy ka tsy tiany ho hitan'ny hafa akory izany. Dia natolony manginginana izy ireo, toy ny hoe tao amin'ny miafina.

Jesosy dia nanangona ny mpianany ary nanao fanamarihana hoe: "Ity vehivavy ity dia nanome mihoatra noho ny olona rehetra".

FIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Inona no tian'I Jesosy hambara? Nahoana no hoe nanome mihoatra ilay vehivavy?
- Nahoana no tsy nolazain'I Jesosy hoe "Tsia ry Neny, ianao no tena mila an'ireny fa tsy ny tempoly." Azony nolazaina izany fa tsy nataony. Nahoana?

Raha tokony handrara azy dia tsy nanao izany Jesosy fa nanamarika manokana momba ny sorona nataony. Nanomboka tamin'izay, ny tantaran'ny fanomezana nataony dia nosoratana mba hovakin'ny maro. Raha ny fatra no jerena dia marina fa betsaka kokoa no nomeny, fa marina koa izany ara-bakiteny. Mihoatra ny 2000 taona izao no nahazo aingam-panahy noho ny nataony ny Kristiana. Eritrereto ny habetsahan'ny efa nomena vokatry ny ohatra nasehony. Ity no fampitomboana lehibe indrindra amin'ny rehetra. Nanome izay nananany izy ary nampitomboin' Andriamanitra izany. Izany no kajin'ny Fanjakana!

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA MADINIKA

Toro hevitra: Zarao ny valopy misy ny (fanampiana maso tokon-karatra faha 7.4) ary avelao ny vondrona tsirairay hanandrana hamoaka ny raiki-pohy.

Ho an'izay tsy dia mahay mamaky teny

- Mpitondratena
- Farantsa roa
- Aingam-panahy mihoatra ny 2,000 taona

Valiny: "mpitondratena + farantsa 2 x Jesosy = aingam-panahy mihoatra ny 2,000 taona!"

HAMAFISO:

- Nangataka ny hany sakafon'ilay ankizilahy Andriamanitra…
- Nangataka ilay mpitondratena hamahana an'I Elia izy aloha, hanome ny fara-sakafony …
- Navelany homen'ilay mpitondratena ny nananany rehetra …

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

- Navahan'I Jesosy mba tsy hanome ve ny mahantra?
- Ny mpanome ve dia mahita foana traik'efa ny amin'ny fitahiana manokana amin'ny fiainany?
- Ho fankatoavana ny baikon'i Jesosy ny amin'ny hitiavana ny hafa, inona no ilaintsika? Misy zavatra manokana ve? (Ny ilaintsika rehetra dia izay ananantsika ihany)
- Toe-po manao ahoana? (Toe-po feno finoana, fankatoavana ary fanetren-tena.)
- Misy zavatra ve "kely loatra" na "manan-danja loatra" raha hatao fanomezana ho an'Andriamanitra?
- Mitahy ny fanomezana omen'ny mahantra ve Andriamanitra?
- Rehefa mitahy ny fanomezana omen'ny mahantra Andriamanitra, "ampiany" izany sa "ampitomboiny"?

Tantara iray farany, izay tsy dia tena mahafaly loatra …

"Fanoharana ny amin'ny Talenta": Mat 25:14 (tokon-karatra faha 7.5)

Nisy lehilahy iray mpanan-karena nandeha an-tany lavitra. Talohan'ny nandehanany dia niantso ny mpanompony telo izy. Ny voalohany dia nomeny vola dimy ary nilazany hoe: "Ampiasao ity vola ity mandra-piveriko." Ny faharoa nomeny vola roa, ary hoy izy: " Ampiasao ity vola ity mandra-piveriko." Ary farany, ny fahatelo, dia notolorany vola madinika iray ary nilazany hoe koa: " Ampiasao ity vola ity mandra-piveriko." Dia nandeha ilay mpanan-karena, ary rehefa afaka fotoana maro dia niverina izy. Niantso indray ireo mpanompony telo lahy izy hanontaniany izay nataon'izy ireo nandritra ny tsy naha teo azy. Ny mpanompo voalohany dia nanao tatitra fa nahazo vola madinika dimy hafa izy. Dia namaly ilay mpanan-karena hoe: "Tsara izany! Nahatoky tamin'ny kely, mahazoa bebe kokoa. "Nilaza ilay mpanompo faharoa fa nahazo vola roa hafa koa izy ary namaly ilay mpanankarena hoe:" Tsara izany! Nahatoky tamin'ny kely, mahazoa bebe kokoa. "

Avy eo dia nanazava ilay mpanompo fahatelo hoe: "Fantatro fa olona sarotra sy mila voa tsy ary ianao. Natahotra aho sao dia very ilay vola nomenao ahy ka indro naleviko izany. Tsy very izy. "Dia namaly ilay mpanan-karena nanao hoe," Ry mpanompo ratsy fanahy sy kamo! "Nalainy ny volany, dia nomeny ilay mpanompo voalohany, ary nandroaka azy hiala ny fanjakana izy.

Ity koa dia kajin'ny Fanjakana. Andao hojerena….

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Toro hevitra: Zarao ny valopy misy ny (fanampiana maso tokon-karatra faha 7.5) ary avela ny vondrona hanandrana hamoaka ny raiki-pohy

Valiny: "mpanompo + vola 1 x 0 = 0 ny fitomboany + mpanompo nariana ho any amin'ny maizina"

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

- Iza no nomena ny kely indrindra, ilay mahantra indrindra? Nefa inona no nitranga!
- Tsy mikarakara ny mahantra ve Andriamanitra? Nahoana ary no noroahina hiala ny fanjakany ilay mpanompo?
- Inona no mety ho fiantraikan'ny tsy fankatoavana an'I Jesosy na ho an'ny mahantra aza?

Famintinana

Toro hevitra: Angataho ny vondrona hieritreritra ny amin'ny fanontaniana manaraka. Rehefa vita izany dia asaivo mifanakalo hevitra ny amin'ny valim-panontaniana izy ireo.

1. Ahoana no nampiharantsika izany fitsipika izany amin'ny fiainantsika manokana?
2. Hatraiza koa ny fampiharana ireo fitsipika ireo ao am-piangonana?
3. Inona ny fiovana mety entiko raha mampihatra ireo fitsipika ireo amin'ny fiainako sy ao am-piangonana aho?

Lesona 8: Mamantatra ny fomba entina manampy

Tanjona

1. Mahita fa ny fampivoarana marina dia ny mampianatra ny hafa hanao zavatra ho an'ny tenany.
2. Manazava tsara ny fotoana mety hanaovana zavatra ho an'ny olona sy ny fotoana tokony hampianarana azy hanao zavatra ho an'ny tenany.

Fitaovana

1. Toro làlana ho an'ny mpianatra:
    a. 8.1 Toro làlana ho an'ny fifanakalozan-kevitra mikasika ny tantaran'dRamatoa Lee (1 isaky ny Vondrona)
    b. 8.2 Toro làlana ho an'ny fifanakalozan-kevitra mikasika ny fianakaviana sahirana(1 isaky ny Vondrona)

Fiampitana renirano

Toro hevitra: Mangataha olona telo hilalao ny tantara manaraka.

Manorita tsipika roa amin'ny tsaoka hanehoana ny renirano. Manorita koa faribolana roa entina maneho ny vato fiampitana ary faribolana iray lehibe kokoa entina maneho nosy iray.

Nisy lehilahy roa tonga teo amoron'ny renirano iray ary te-hiampita izy ireo saingy tsy mahay milomano. Mahery ny riaka ka dia natahotra mafy izy ireo ny hiampita. Nisy olona fahatelo tonga ary nahita ny fahasahiranan'izy ireo. Nanoso-kevitra azy ireo izy hiampita hampiasa ny vato fiampitana saingy natahotra izy ireo. Nanaiky ny hitondra ny iray eo an-damosiny ary hiezaka hanatratra ilay nosy ka hametraka ilay lehilahy voalohany ilay lehilahy fahatelo.

Avy eo dia niverina izy mba haka ilay lehilahy faharoa, nefa reraka loatra raha mbola hibaby azy. Ilay lehilahy fahatelo dia nandà ny hitondra ilay lehilahy izay tavela, fa nanaiky kosa ny hanampy azy handeha hanaraka ny vato fiampitàna. Hatreo amin'ny antsasa-dàlana dia nahazo antoka tsara ilay lehilahy faharoa nandeha irery. Samy mamakivaky ny renirano ireo lehilahy roa ireo nefa ny iray dia tavela teo amin'ilay nosy ary nitalaho fanampiana raha nahita ilay lehilahy voalohany nanalavitra.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

1. Inona no hitanao nitranga tamin'ny filalaovana ity tantara ity?

2. Fomba roa samihafa manao ahoana no nampiasaina hanampiana ireo lehilahy roa hiampita ny renirano?

- *Ny lehilahy iray dia nobabena hiampita, nefa ny faharoa dia nampiana sady nampianarina hiampita ny renirano.*

3. Inona no nitranga tamin'ilay lehilahy voalohany? Tsara ve ny niafarany sa ratsy lavitra noho izy tsy mbola niainga akory aza?
   - *Tavela nihitsoka teo afovoan'ilay renirano izy.*
   - *Tafita ratsy izy satria tsy manana fahafahana hiala amin'ilay nosy.*

4. Iza no nianatra zavatra izay tena nanampy azy—ilay lehilahy nijery sa ilay nampianarina sady nampihatra mihitsy?
   - *Ilay nampianarina sady nampihatra.*
   - *Mba hahafahany mianatra dia mila ohatra sy fampaherezana ny olona.*

5. Inona no mitranga raha manao zavatra amin'ny toeran'ny olona isika toy izay mampianatra azy hanao zavatra ho an'ny tenany manokana?
   - *Tsy mianatra hanao zavatra mihitsy izy ary mila antsika foana hanampy azy.*

6. Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahazoantsika antoka fa mivelatra ho amin'ny fahaleovan-tena ny olona ampiantsika?
   - *Mampianatra ny olona hanao zavatra amin'ny alàlan'ny tenany.*
   - *Manana fahavononana handeha miaraka amin'ny olona amin'ny hafainganam-pandehany mandra-pahafahany mandeha irery.*

Toro hevitra: Manaova hetsika iray manaraka mikasika iny tantara iny ihany. Amin'ity indray mandeha ity dia asaivo miverina mankeo amin'ilay lehilahy tavela teo amin'ny nosy ilay lehilahy nampianarina hiampita mba hampianatra azy hiampita tsy amin-tahotra ka mba hahafahany koa mampianatra ny hafa.

Inona no lesona azontsika nianarana tamin'ilay seho faharoa?

- *Raha mampianatra ny olona isika dia afaka hampianatra ny hafa koa izy ary any amin'ny farany dia betsaka ireo olona no nahazo fanampiana.*

Fiteny fahagola "Raha manome trondro olona iray ianao dia mamahana azy ho an'ny andro iray, fa raha manome azy haran-jono ianao dia hamelona azy mandritra ny androm-piainany."

- Inona no dikan'izany fiteny izany?
- Ahoana no azo ampiharana izany hanampiana ny olona eo amin'ny fiaraha-monina misy anao?
- Inona avy ireo karazana ohatra mikasika ny fomba "fampianarana ny hafa hanjono" toy izay hanome trondro azy?

Inona no azontsika nianarana tamin'iny tantara iny izay azontsika ampiharina amin'ny asantsika miaraka amin'olona eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika mety tsy mahalala ny fomba azony atao hanampiana azy hivoatra sy hivelatra araka ny sitrapon'Andriamanitra?

Toro hevitra: Hazavao fa tantara natao hanampiana antsika hahalala ny fomba entintsika manampy ny hafa ity. Ny sisiny ilany amin'ilay renirano dia maneho fiaraha-monina mahantra na olona ary ny andaniny tiana aleha dia maneho olona na fiaraha-monina mivoatra. Ny olona izay te hiampita dia ireo izay mahantra mila fanampiana ary ny olona fahatelo dia isika izay te hanampy.

Ramatoa Lee—Tantara marina mikasika fiovana

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

Ramatoa Lee dia vehivavy tena misy tokoa any Azia, saingy nosoloina fotsiny ny anarany. Naniry fatratra ny hanampy ireo fianakaviana mahantra eo amin'ny fiaraha-monina misy azy izy indrindra ireo izay tsy manana asa. Nanomboka namangy ny sasany amin'izy ireo izy isam-bolana ary mitady izay fomba hahafahany manampy azy hiaina tsara. Indreto tantara telo amin'ireo tantara betsaka maneho ireo fomba nampiasainy nanampy ireo fianakaviana. Marina daholo ireto tantara ireto.

Tantara 1 – Ramatoa. Lee sy ny voninkazo teo an-jaridaina

Teo amin'ny toerana nisy azy dia nisy fianakaviana mahantra iray nahitana zaza roa. Ny ray sy ny renin'izy ireo dia samy tsy an'asa. Raha nandalo hamangy azy ireo Ramatoa Lee dia nahatsikaritra ampahan-tany kely teo alohan'ny trano nitoerany. "Nahoana no tsy mba mamboly voninkazo eto ianareo?" Hoy izy. "Sady manatsara ny trano ipetrahanareo izany no azo amidy eny an-tsena koa".

Ilay renim-pianakaviana dia nanao araka izany ary nanomboka nitondra ireo voninkazo namboleny mba hamidy eny an-tsena. Tsy ela taorian'izay dia nahita mpividy izy ary nanontany karazana voninkazo hafa koa nefa kely dia kely ny tany azony nambolena ka tsy afaka hamboly karazana hafa izy. Na izany aza dia nividy voninkazo tamin'ny toeran-kafa izy ka nivarotra izany mba hahazoany tombony. Ary satria nahazo toerana kely azo ivarotana teny an-tsena izy dia nahita hevitra koa ny hivarotra zavatra hafa. Dia nifoha maraina izy isan'andro ka nividy akondro sy voanio hamidy miaraka amin'ireo voninkazo.

Tantara 2 – Ramatoa. Lee sy ireo vomanga

Fianakaviana iray izay mila fanampiana no mitady asa nefa tsy mahafantatra izay tokony atao sady tsy manana fahaiza-manao asa manokana. Asa andraisam-bola isan'andro no fanaon'izy ireo nefa matetika dia tsy mahita asa hatao akory izy. Ramatoa Lee dia mahita fa tena mahavita miasa mafy ireto olona ireto ary vonona hiasa koa, noho izany dia namangy fianakaviana iray tao am-piangonana izy izay mpamboly vomanga.



Nanontany azy ireo izy raha tena hahazoana tombony ny fambolena vomanga, ka azo atao tsara ny mivarotra azy eny an-tsena, ary nanontany koa izay rehetra ilaina

hahafahana manomboka mamboly vomanga.

Rehefa fantany fa asa tsara ny fambolena vomanga dia nazavainy tamin'ity fianakaviana ity fa isika dia nantsoin'Andriamanitra hitia ny hafa ary hitsinjo ny mahantra. Nangataka taminy hampianatra ilay fianakaviana mahantra ny fambolena vomanga izy. Nanaiky ilay fianakaviana ary nampihaonin-dRamatoa ny fianakaviana roa tonta. Nientanentana ilay fianakaviana mahantra fa manomboka izao dia afaka hanao zavatra ivelomana izy. Dia lasa izy nanofa ampahan-tany sy nanao izay rehetra tokony atao hahafahany manomboka. Rehefa tonga ny faran'ny taona dia nijinja vokatra betsaka izy ireo ka nahafahany nandoa ny hofan'ny tany, ny vola nividianana masom-boly ary mbola nahazo tombony tsara ho an'ny fianakaviana.

Tantara 3 – Ramatoa Lee sy ny fampihavanana fianakaviana

Ilay fianakaviana faha 3 tian-dRamatoa Lee ampiana dia fianakaviana tafasaraka tamin'ny ray aman-dreniny. Ireo ray aman-dreny dia nihevitra fa tsy misy ilana azy ity fianakaviana ity ary tsy hahavita hiova na oviana na oviana. Nihaona tamin'ireto fianakaviana Ramatoa Lee ary niezaka hampihavana ny roa tonta. Nanome antoka Ramatoa Lee fa hihaona matetika amin'ilay fianakaviana ka hanampy mba hahatsara ny fiainany raha manaiky ny hiverenan'izy ireo ireto ray aman-dreny ary koa manaiky ny hanampy azy tsikelikely. Vokatr'izany dia nanaiky ny hatoky indray ny zanany lahy ireto ray aman-dreny ka hampindrana vola azy hahafahana manomboka asa mikasika ny vy. Mividy zavatra vita amin'ny vy efa tonta izy ary mivarotra izany indray amin'ny mpivarotra eo an-toerana. Afaka manohana ny ankohonany izy ankehitriny ary mahatsiaro ho manana ny maha izy azy.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Eritrereto ny amin'ireo tantara ireo ary mifanakaloza hevitra ny amin'ireo fanontaniana laharana faha 8.1 mikasika an-dRamatoa Lee:

1. Inona no nataon-dRamatoa Lee ho an'ireo fianakaviana tsirairay?
    - *Manomeza soso-kevitra sy fampaherezana*
    - *Namangy ny hafa tahaka ilay fianakaviana mpamboly vomanga, namantatra raha hahazoana tombony izany ary ko raha vonona ny hanampy izy ireo.*

2. Inona no vokatry ny hetsika nataon-dRamatoa Lee?
    - *Nanana asa ny olona ary afaka namatsy ny ankohonany.*
    - *Nahatsiaro ho nanana ny maha izy azy ny olona satria afaka manao zavatra izy hanampiany ny tenany.*

3. Inona no mety nitranga raha nanome vola na sakafo fotsiny an'ireo fianakavina ireo Ramatoa?
    - *Tsy niova mihitsy izy ireo.*

4. Raha nanome vola azy ireo isan-kerinandro nandritra ny roa taona Ramatoa Lee avy eo nijanona, heverinao ve fa nahatsara ny fiainany izany raha ampitahaina amin'ny ezaka nataony manokana?
    - *Tsia fa mety ho zatra mandray vola avy amin-dRamatoa Lee fotsiny izy ireo ary miankina amin'izany toy izay hiasa.*

5. Inona no maha samihafa ny manampy manome vola sy ny nataon-dRamatoa Lee?
    - *Nanome fahaiza-manao ary fomba pratika hanampian'ireo olona ireo ny tenany izy.*

6. Alaivo sary an-tsaina raha manomboka manao hetsika sahala an-dRamatoa Lee isika: mamangy ankohonana ary mihaino azy, miezaka mamantatra ny olana misy amin'izy ireo ary miezaka mitady vahaolana. Inona no mety ho fiantraikan'izany eo amin'ny fiaraha-monina?

Fianakaviana sahirana

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY



Toro hevitra: Mampiasa ny toro làlana fifanakalozan-kevitra faha 8.2 ary vakio ny tantara manaraka ary angataho izy ireo hamaly ny fanontaniana.

Misy fianakaviana iray izay mipetraka akaikin'ny fiangonanay. Matetika ny vadiny dia lasa, fa indray mandeha isam-bolana na in-droa izy no miverina mandritra ny andro vitsivitsy izy ary mitondra vola kely ho an'ny fianakaviana. Ilay vehivavy no mikarakara ny zanany telo ary tsy misy amin'izy ireo no mianatra any an-tsekoly. An-davan'andro dia mikarenjy eran'ny tanana fotsiny tsy misy kapa ny tongony ary manao fitafiana tranainy izy ireo. Efa miharatsy be ny tranony ka mitete be izany rehefa avy ny orana. Rehefa mba mandalo ilay trano ianao dia maheno ireo ankizy mitomany satria noana.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Inona avy ny filan'ity fianakaviana ity?

Mihoatra noho ny zava-drehetra, ity vehivavy ity dia toa mahatsiaro ho tsisy fanantenana. Ny ankamaroan'ny olona tsy miasa dia tsy voatery ho kamo araka ny fiheverantsika. Matetika izy ireo dia tototry ny fahasarotana eo amin'ny fiainana ary tsy manam-pinoana fa afaka manova zavatra izy ireo. Ny andraikitrao lehibe indrindra dia ny manampy azy ireo hahita fa afaka miova ny toe-javatra ary manampy azy ireo hanomboka hiova. Ny fanomezana vary ho an'ity fianakaviana ity dia tsy misy olana, fa raha manao izany mihoatra ny indray mandeha ianao dia mamporisika azy ireo hino fa tsy misy antenaina izy. Ny zavatra ilainy dia ny fanantenana fa afaka miova ny fiainana.

Toromarika: Ataovy azo antoka fa mahatakatra ny olan'ny tsy fisiam-panantenana ny mpianatra ary ny fomba tsara indrindra handresena io olana io dia ny tsy manome zavatra fa manampy ny olona hanao zavatra ho an'ny tenany.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Inona avy ireo fomba entinao manampy ity fianakaviana ity sahala amin'ny nataon-dRamatoa Lee?

Valin-teny mety ho azo

- *Manampy ilay vehivavy sy ny zanany hahazo vola. Manana tany sa fahaiza-manao asa ve izy?*
- *Manampy ny ankizy tanora ho any an-tsekoly. Mitondra ilay ramatoa mankany amin'ny biraon'ny solon-tenam-panjakana hahafahana mahazo fahazoan-dalana hianatra maimaim-poana ho an'ny zanany na mamantatra raha misy fampianarana mamaky teny sy manoratra eo an-tanàna, mamantatra izay fanampiana misy.*
- *Manangona fitafiana efa avy nampiasaina any am-piangonana ary manome izany an'ireo ankizy tsirairay.*
- *Mitohy mamangy tsy tapaka an'ilay vehivavy ary mampahery azy hahita fa afaka ny hanana fiainana hafa mihitsy izy.*
- *Manampy ny fianakaviana hanarina ny tranony. Mangataka olona vitsivitsy avy ao am-piangonana hanome tanana hiasa nefa mampiasa ireo fitaovana efa ananan'ny fianakaviana sy ny fanampian'ireo ankizy. Ny zaza valo taona dia tena feno hery tokoa!*
- *Mamporisika ilay fianakaviana hanomboka hanao zaridaina hambolena legioma mba hananany sakafo ara-pahasalamana.*
- *Manome akoho vitsy an'ilay ankohonana ary mitady olona ao am-piangonana hampianatra azy hiompy akoho. Raha ilaina dia tazony any an-tranonao aloha ny ankoho mba tsy halaim-panahy hihinana izany ilay fianakaviana ary angataho ny iray amin'ireo ankizy handalo isan'andro hanangona ireo atody sy hikarakara ny akoho. Ataovy azo antoka tsara fa efa nampianarinao tsara hikarakara ny akoho izy ireo.*
- *Mifandray amin'ny ray aman-drenin'izy mivady ary manontany azy raha misy azony hanampiana.*
- *Manampy ny ankohonana hahay hampiasa tsara ny vola azon'ilay raim-pianakaviana. Azony ampiasaina hividianana zavatra maharitra mety hampidi-bola amin'ny manaraka ve izany? Ahoana no ataony mba hampaharitra izany?*

Fampiharana

MIARAKA AMIN'OLONA IRAY HAFA

Tsiroaroa, mivavaha ary mangataha amin'Andriamanitra hanehoany anao fianakaviana iray afaka ampianao tahaka ny nation-dRamatoa Lee. Raha tsy dia fantatrao tsara loatra ilay fianakaviana dia manaova drafitra hahafahanao mifanerasera aminy amin'ny alàlan'ny famangivangiana azy. Isaky ny handeha ho any ianao dia angataho Andriamanitra hanokatra ny maso sy ny sofinao hahatakatra ny tena olana ao ary hanome anao hevitra hamahana izany. Aza adino ny mivavaka ho azy ireo rehefa manampy azy ianao ka manomboka mitoetra ny asa fandraharahana ataony. Manàna fahavononana hamangy azy indray mandeha isam-bolana ary manoro hevitra azy mandritra ny iray taona.

Lesona 9: Hetsi-pitiavana

Tanjona

1. Inona avy ireo toe-toetran'ny hetsi-pitiavana.
2. Fantaro avy ireo fomba hahafahan'ny hetsi-pitiavana mitondra fanovana eo amin'ny fiaraha-monina.
3. Tanisao ireo hevitra azony atao hanehoana hetsi-pitiavana.

Fitaovana

1. Toro làlana ho an'ny mpianatra
    a. 9.1: Toetran'ny hetsi-pitiavana (dika iray isaky ny mpianatra)
2. Loka kely ho an'ny hetsika fampidirana
3. Tantaran'ny hetsi-pitiavana faha 2-3– jereo "www.TCTprogram.org/stories"
4. Peta-drindrina misy ireo fanontaniana fampiharana

Fampidirana

MIARAKA AMIN'NY NAMANA IRAY

Ndeha hanao lalao iray isika. Mieritrereta zavatra betsaka indrindra izay azon'ny fiangonanao atao hanampiana ny olona nefa tsy mandany vola na ny kely aza. Izay iray nahita valiny betsaka indrindra afaka 7 minitra no mahazo loka.

Toro hevitra: Afaka fotoana vitsy dia ampahatsiahivo azy ny hisaina ireo fahaiza-manao ananan'ireo olona ao am-piangonana azo omena.

Rehefa vita ny hetsika atao ary voatolotra ny loka dia asaivo tanisain'ny vondrona ary soratana eo amin'ny solaitra be na peta-drindrina ireo fahaiza-manao na loharano ananana ao anaty fiangonana.

Hetsi-pitiavana

Ny hetsi-pitiavana dia tetik'asa madinika ataon'ny fiangonana hanehoana ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny fiaraha-monina. Matetika dia tena faran'izay tsotra izy ireo ary azo atao ao anatin'ny andro iray.

Toro hevitra: Zarao ny tantaran'ny hetsi-pitiavana faha 2-3– Afaka mahita izany ianao ao amin'ny tranon-kala (www.TCTprogram.org/stories)

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA KELY

Inona avy ny mety ho vokatr'ireo hetsi-pitiavana?

- Miha matanjaka ny fiangonana
- Miha manakaiky ny fiangonana ny fiaraha-monina
- Manatona ny Kristy ny olona
- Nahazo fanampiana ny olona
- Ny hetsi-pitiavana dia miova ho tetik'asa lehibebe kokoa.

Ireo toetry ny hetsi-pitiavana (Ireo toetry ny hetsi-pitiavana faha 9.1)

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

Misy enina miavaka tsara ny toetry ny hetsi-pitiavana. Hojerentsika tsirairay ireo amin'ny fampiasana ny fitaovana faha 9.1.

1. **Atao ho fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra**
   - Inona no fahatsapan'ny tsy kristiana mikasika ny kristiana eo amin'ny fiaraha-monina misy anao? Nahoana?
   - Tonga any am-piangonana ve ny olona na tsy asaina aza? Nahoana? Ary raha mila asaina, nahoana?
   - Inona no eritreretin'ny tsy kristiana mikasika an'Andriamanitra? Inona avy no heverin'izy ireo ho toetra mampiavaka an'Andriamanitra

Toro hevitra: Ampahatsiahivo ny mpianatra izay nianarana tamin'ny lesona faha 3: Tiavo Andriamanitra ary tiavo ny namanao. Isika dia tokony ho olona maneho ny fitiavantsika an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fitiavantsika ny hafa.

- Inona araka ny eritreritrao no mety holazain'ny olona ao amin'ny fiaraha-monina misy anao raha manomboka manao ny sasany amin'ireo zavatra voalaza ao amin'ny tantaran'ny hetsi-pitiavana ny fiangonanao?

Iray amin'ireo tanjon'ny fanaovana hetsi-pitiavana ny fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny fiaraha-monina.

- Nahoana isika no te hifantoka amin'ny fanaovana hetsi--pitiavana amin'ny tsy Kristiana fa tsy amin'ny Kristiana?

Mila manao hetsi-pitiavana amin'ny tsy kristiana isika satria tena tokony hahita ny fitiavan'Andriamanitra azy izy. Betsaka ny olona tsy te handeha am-piangonana mihitsy ka ny fandehanantsika maneho ny fitiavan'Andriamanitra no hahafahany mahatakatra ny fitiavan'Andriamanitra azy. Na izany aza dia tokony ataontsika azo antoka fa manampy ireo izay efa ao am-piangonana koa isika. Mamporisika anareo izahay hanomboka hetsi-pitiavana amin'ireo tsy kristiana aloha nefa malalaka koa ianareo hifindra any amin'ireo kristiana avy eo.

Mieritrereta tantara maneho hetsi-pitiavana iray izay nozaraina. Ahoana no nanehoan'io hetsika io ny fitiavan'Andriamanitra ary ahoana ny fiantraikan'izany tamin'ireo izay nahatsapa ny fitavan'Andriamanitra?

2. Atao amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra

Vakio izay nolazain'I Jesosy tamin'ny mpianany ao amin'ny Jaona 14:15 & 21

- Nahoana i Jesosy no nilaza fa zava-dehibe ho antsika ny mankatò izay andidian'Andriamanitra antsika?

Tahaka ny amin'ny zavatra rehetra dia tiantsika atao azo antoka tsara fa mandeha amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra isika. Aleo atombontsika amin'ny vavaka ary angatahantsika Andriamanitra hanambara amintsika izay tiany hataontsika toy izay tonga dia handeha hijery eny amin'ny fiaraha-monina sy hamantatra ny filàna ary hanao izay zavatra fantatsika aorian'izay. **Matetika ny hetsika misy fiantraikany tsara lehibe indrindra dia tsy ireo izay heverina fa misy dikany.**

Tao Mexico, dia nisy tanàna iray ka mpamboly rongony daholo no asan'izy ireo olona tao. Nisy misionera niasa tamin'io toerana io ka nampiova fo ny iray tanàna. Nitohy nivavaka sy nifady hanina niaraka tamin'izy ireo ilay misionera mba hahafantarana izay tian'Andriamanitra ataony. Tsy nisy lava-piringa teo amin'izany fiaraha-monina izany, tsy nisy rano fisotro madio ary ny akoho sy ny kisoa dia nivoaka sy niditra ny trano. Raha nivavaka nangataka hevitra hanaovana hetsi-pitiavana izy ireo dia nasain'Andriamanitra hikarakara ny mpitondra tena amin'ny alàlan'ny fananganana trano ho an'izy ireo. Io hevitra io dia mifanohitra tanteraka amin'ny hevitra izay mety ho nolazain'olona taminy. Amin'ny kolon-tsain'izy ireo dia manan-danja lehibe ny mpitarika. Na izany aza dia tena ratsy ny trano nitoeran'ireto mpitarika. Tsy nisy olona mihitsy anefa hanoso-kevitra azy ireo hanomboka amin'ny fanamboarana trano ho an'ireo mpitarika. Nefa Andriamanitra dia niantso azy ireo hanao trano ho an'ny mpitondra tena. Noho izany rehefa nahare izany tetik'asa hafahafa izany ny mpifanolo-body rindrina dia tonga nanadihady hahafantatra bebe kokoa. Vokatr'izany dia nisy fifohazam-panahy teo amin'io toerana io tamin'ny alàlan'ny fanoloran'ny olona betsaka tena ho an'ny Tompo. Raha nanao izay nandrasan'ny olona ihany izy dia tsy hisy fiantraikany sahala amin'izany ny zavatra nataony. Teo an'ilan'izany koa satria nankato an'Andriamanitra izy fa tsy ny kolon-tsainy dia nihoatra lavitra noho ny takatry ny saina ny fiantraikan'ny asany.

Tamin'ny firenena hafa dia nanapa-kevitra ny hanao hetsi-pitiavana ny fiangonana. Nahatsapa izy ireo fa nasain'Andriamanitra hanampy ny vadin'ireo jiolahy mpitarika eo an-tanàna. Feno tahotra izy ireo satria fanta-daza amin'ny fikapohana olona tsy amin'ny antony ireto jiolahy rehefa tezitra. Na izany aza dia te hankato an'Andriamanitra ny fiangonana. Nandrasan'izy ireo ho lasa nivoaka ny tanàna ireto jiolahy mpitarika vao nandeha nanampy ny vadiny hijinja ny vokatra tany an-tsaha ny fiangonana ary nanomana izany hamidy. Rehefa niverina tato an-trano ireto jiolahy ka nahita ny vokatra rehetra efa tao an-trano dia nihiaka hoe: "iza no nanao izao?" Natahotra ilay ramatoa hanambara izay nitranga, natahotra sao hanakorontana ilay jiolahy nefa dia namaly tsy sazoka ihany hoe ny fiangonana no nanampy. Dia nanakapoka mafy ny varavarana ilay jiolahy ka niriotra nankany am-piangonana. Rehefa avy niresaka an-telefaonina tamin'ny diakona nandray tatitra ny mpitandrina dia nampandroso an'ilay jiolahy. "Nahoana no nanao izao ianareo? " nanontany izy. Dia

namaly tsotra ilay mpitandrina hoe te haneho fitiavan'Andriamanitra fotsiny izahay. Dia nanomboka nitomany ilay lehilahy ka niteny hoe tsy mbola nisy olona nitia azy sahala amin'izany tamin'ny fiainany. Dia lasa kristiana izy ary niova ny fiainany ka lasa nitarika fianakaviana 6 hafa avy amn'ireo jiolahy ho ao amin'ny Kristy.

- Ahoana no nifidianan'ny fiangonana izay olona hampiana?
- Inona no fiantraikan'izany na fiovana teo amin'ny fiaraha-monina?

Na dia tsy misy dikany araka ny fieritreretantsika aza ny fanarahana ny fitarihan'Andriamanitra dia mahazoa matoky isika fa raha Andriamanitra no mitarika antsika hanao zavatra dia hahatanteraka ny sitra-pony izany ary isika kosa dia handray fitahiana amin'ny fandraisana anjara amin'ny drafitra apetrany.

3. Atao amin'ny alàlan'ny herin'Andriamanitra

Vakio Jaona 15: 1-8.

- Inona no lazain'ity soratra masina ity mikasika izay azontsika atao amin'ny herintsika? Inona no dikan'izany araka ny hevitrao?
- Ahoana no itondrantsika vokatra bebe kokoa?

Ny fanampiana olona dia tena mety ho sarotra. Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra ny fanovana tiantsika hitranga amin'ny fiaraha-monina misy antsika. Raha tiantsika hiova ny fiaraha-monina misy antsika amin'ny alàlan'ireo tetik'asa ireo dia tena tokony hibanjina an'Andriamanitra isika ary hangataka azy hanampy.

- Ao amin'ny Jaona 15:5 ny baiboly dia milaza hoe: "Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy." Inona no dikan'ny hoe miray amin'Andriamanitra araka ny hevitrao?

Vakio ny Baiboly hikatsahana ny fahamarinan'Andriamanitra. Mangataha fitarihana sy toro làlana mba hahafantaranao ireo filan'ny fiaraha-monina misy anao. Mikatsaha an'Andriamanitra amin'ny fahatokiana ao anatin'ny vavaka ary mihainoa ny fahendrena atolony. Angataho Andriamanitra hanome anao hery hanohizanao ny tetik'asa hetsi-pitiavana.

Raha mikatsaka an'Andriamanitra isika ao anatin'ny vavaka ka mihaino azy sy mitoetra ao aminy koa, dia afaka matoky azy fa amin'ny fotoany, ny tetik'asa ataontsika dia hamoa vokatra tsara

- Ahoana no hahafahantsika mitoky amin'ny herin'Andriamanitra mandritra ny tetik'asa?

Tokony hivavaka foana isika mialoha ny fanombohana, mandritra ary ao aorian'ny fanaovana ny tetik'asa. Rehefa miatrika fanamby na sakana isika dia mangataka an'Andriamanitra hanao làlana vaovao eo aloha, na koa raha mahatsiaro reraka na ketraka dia matoky an'Andriamanitra hanome hery hahafahantsika manohy.

4. Atao mba hahazo dera Andriamanitra

Vakio Jaona 15:8.

- Inona no tanjon'ny hoe mitondra vokatra betsaka?

Vakio Mat 5:13-16

- Nahoana no manao asa tsara isika?
- Inona no tokony ho tanjontsika raha manao ireo hetsi-pitiavana?

Rehefa avy manao ireo tetik'asa tsirairay avy dia tokony haka fotoana hanaovana tomban'ezaka. Inona avy ireo vokatry ny tetik'asa? Mieritrereta sehatra telo:

1. Nahazo fanampiana ve ny olona?
2. Natao tam-pitiavana ve ilay tetik'asa?
3. Nahazo dera ve Andriamanitra?

Araka ny zava-misy dia tsy isaky ny manao hetsi-pitiavana dia hanana fahafahana hiresaka mikasika an'Andriamanitra foana fa tokony ataontsika azo antoka ao anatintsika ny faniriana hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra ary ny hanao zavatra maneho fanajana azy. Raha tsy afaka miresaka ny amin'Andriamanitra isika, dia ny toe-pontsika sy ny fifaliantsika ary ny hery manentana antsika hanompo ny hafa dia fijoroana vavolombelona mitondra haja sy dera ho an'Andriamanitra.

5. Kely sy tsotra

Raha manomboka manao hetsi-pitiavana ianao dia mampahery anao izahay hifidy hetsika tena tsotra. Hetsika azo atao anatin'ny andro iray.

- Nahoana, araka ny hevitrao, no tokony hanomboka amin'ny hetsi-pitiavana kely sy tsotra?
    - *Azo tanterahina izany. Raha manao zavatra lehibe dia mety ho mora tototr'izany sady sarotra ny fanatanterahana azy. Noho izany raha manao zavatra kely sy tsotra dia mora atao sady azo vitaina.*
    - *Betsaka ny olona afaka mandray anjara. Mora amin'olona ny manolo-tena handray anjara amin'ny tetik'asa kely ary mitazona ny teniny raha fantany fa ho andro iray na tapak'andro izany. Hiteny izy hoe "Ooh, vitako izany, malalaka aho amin'io tapak'andro io.". Fa raha tetik'asa lehibe izany (ka mila andro maro vao hahavita azy) dia hisalasala ny olona hanome fotoana sy ny fitaovana mety ilaina satria ilay hevitra hoe hanao zavatra ho an'ny hafa dia mbola vaovao aminy.*
    - *Fahafahana mandrafitra manamafy ny fahaiza-manao. Mety tsy nanana traik'efa betsaka amin'ny fitarihana tetik'asa isika, noho izany ny fanaovana ireo tetik'asa madinika dia manome fahafahana antsika hanao zavatra mitovitovy ary andraisantsika traik'efa alohan'ny hanaovantsika zavatra sarotsarotra kokoa.*

- *Hahazoana fahombiazana haingana. Raha mahomby amin'ny tetik'asa madinika isika dia hahavoasarika ireo izay liana amin'ny fahombiazana. Tamin'ny fanombohana dia mety ho vitsivitsy ihany no liana handray anjara tao am-piangonana, nefa rehefa mampianatra im-betsaka ny amin'ireo tetik'asa modely sady mahomby dia ho betsaka ny olona no ho liana hiaraka hanao izany.*

Tsara kokoa ny manao hetsi-pitiavana kely nefa matetika (in-dray na in-droa isan-kerin'andro) toy izay hanao tetik'asa lehibe nefa in-dray mandeha tsy miverina. Ambonin'ireo tombon'ny fanaovana hetsi-pitiavana kely araka ny voatanisa etsy ambony, ny fanaovana azy matetika koa dia manamarika any an-tsain'ny olona eo amin'ny fiaraha-monina fa ny fiangonana dia mikarakara vahoaka.

6. Natao amin'ny fampiasana ireo loharanon-karena avy eo an-toerana

Ny fampiasana ireo loharanon-karena avy eo an-toerana dia mety ho sarotra raha eritreretina am-boalohany satria samy mahafantatra ny tsy fahampian'izany isika.

- Nahoana, araka ny hevitrao, no iray amin'ireo toetran'ny fanaovana hetsika ny fampiasana ireo loharanon-karena avy eo an-toerana, loharano izay efa nomen'Andriamanitra fa tsy avy any ivelany?
  - *Mihoatra noho ny sorona fanehoam-pitiavana.*
  - *Ny fitahiana noho ny fanomezana.*
  - *Manorina ny sandantsika sy ny fahaizantsika mitantana*
  - *Mampianatra antsika koa hiantehitra amin'Andriamanitra mba hampiasantsika izay nomeny antsika.*

Ny fampiasana ireo loharanon-karena avy eo an-toerana dia toetra manan-danja lehibe indrindra noho ireto antony 4 manaraka ireto:

1. Sorona fanehoam-pitiavana – Tadidio ilay tantara mikasika ny lamba fitafy amin'ny lesona faha 5.

   - Heverinao ve fa nitovy ny fiantraikan'ny asa raha ONG lehibe iray no nanome lamba fitafy ho an'ny fiaraha-monina?
     - *Tsia, tsy izany mihitsy.*
   - Nahoana no mahatsapa tiana ny olona?
     - *Satria tsapan'izy ireo ny fitiavan'ny olona noho ny sorona nataony.*

   Raha tsy nahatsapa sorona na ezaka tao anatin'ny asa natao ny fiaraha-monina dia tsy hitan'izy ireo taratra araka izany ny fitiavan'Andriamanitra.

2. Ny fitahiana noho ny fanomezana – Vakio 2Kor 9:6-11.

   Andriamanitra dia nilaza tamintsika fa hitahy izay manome araka izay fatra anomezantsika izy. Noho izany andeha hojerentsika indray ny soratra masina.

- Nahoana no mitahy antsika Andriamanitra?
    - *Mba hahafahantsika halala-tanana amin'ny fotoana rehetra.*
    - *Mba hahazo dera Andriamanitra*

3. Manorina ny fahamendrehana sy ny fahaiza-mitantana.

    - Ahoana ny fahatsapanao ny tenanao raha olona hafa no manao zavatra ho anao nefa zavatra vitanao tsara?
        - *Lasa very ny fahatokianao ny tenanao fa afaka manao zavatra ianao.*

    - Ahoana ny fahatsapanao ny tenanao raha afaka manampy sy manompo ny hafa amin'ny alàlan'izay anànanao ianao?
        - *Manana fifaliana ianao ary mahatsapa fa ilaina.*
        - *Maneho amintsika izany fa manana mihoatra noho izay eritreretintsika isika ary tompon'andraikitra isika amin'ny fampiasana ny ampahany amin'ny fananantsika hitahiana ny hafa.*

4. Mampianatra antsika ny hiantehitra amin'Andriamanitra mba hampiasa izay nomeny antsika ary maneho amintsika koa fa azony ampiasaina izay rehetra efa nomeny antsika.

Satria nanome malalaka ny fiangonana dia hitantsika koa ny fitahian'Andriamanitra azy. Nanomboka niala tamin'ny fahantrana izy ireo. Fa ambonin'izany, satria nihananana bebe kokoa izy, dia mbola nanana fahafahana hanome malalaka bebe kokoa ary nanao tetik'asa betsaka kokoa. Lasa tsingerina mahaliana izany ka nitarika fiaraha-monina maro hiala amin'ny fahantrana.

- Heverinao ve fa hitovy ny vokatra azo raha loaharanon-karena avy any ivelany no nampiasaina?
    - *Tsy ho toy izany*

Andriamanitra dia nampanantena fa hitahy izay manome fa tsy izay mandray. Raha mpandray foana isika dia tsy afaka hahita ny fampitomboan'Andriamanitra ny ezaka ataontsika. Tsy azontsika ny fitahiana izay nampanantenainy homena antsika.

Ny fampiasana loharanon-karena avy any ivelany dia mampisy fanamby lehibe. Ohatra: eo amin'ny faritra misy anay dia mampiahiahy olona ny fiangonana. Tsy mahalana ny olona no miahiahy fa ny fiangonana dia naka ny loharanon-karama ho an'ny tenany ary manome ampahany fotsiny ho an'ny vahiny. Ny vola avy anyivelany dia mety hiteraka olana ho an'ny fiangonana. Na dia ao anatin'ny fiangonana aza. Satana dia afaka mampiasa ny loharano ivelany mba hampisy ahiahy sy fisaratsarahana eo anivon'ny fiangonana

- Inona no mitranga raha tsy manana loharan-karena isika ?
    - *Manana isika e.*

Mila manokatra ny masontsika isika hahita izay nomen'Andriamanitra antsika. Inona avy ireo fahaiza-manao ao amin'ny fiaraha-monina misy anao (mpamboly, mpampianatra, mpitsabo, manam-pahaizana manokana, mpanorina trano, mpanjaitra)? Inona avy ireo fahaiza-manao ananantsika amin'ny mahaolona antsika (ny vatana, ny saina, ny fahaiza-mamorona, ny fotoana)? Mila manazatra ny fahaiza-mamorona isika hahitantsika izay nomen'Andriamanitra antsika.

2 Pet 1:3-5 dia milaza mikasika ny fanomezan'Andriamanitra antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ka tokony hanokatra ny masontsika isika hahita izay nomena antsika ho amin'ny voninahiny.

Fampiharana

MIARAKA AMIN'OLONA IRAY HAFA

Eritrereto indray ilay hevitra naseho antsika tamin'ny fanazarana mikasika ity lesona ity. Manangana vondrona ahitana olona roa indray ary mandraisa hetsika telo anaovana tomban'ezaka. Ampiasao ny fanontaniana faha 9.1 mikasika ny asa fanaovana tomban'ezaka:

1. Ahoana no hahafahan'ity asa ity hanampy anao haneho ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'ny fiaraha-monina? Inona no azo ampiana na ovàna amin'ity asa ity mba hahatsara kokoa ny fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra.
2. Milaza ohatra mikasika tetik'asa madinika iray azo tanterahina ao anatin'ny iray andro??
3. Inona avy ireo zavatra ilaina hahafahana manatanteraka io tetik'asa io ka efa misy sy azo ampiasaina eo amin'ny fiaraha-monina?
4. Ahoana no hahafahan'io tetik'asa io hanova ny fiaraha-monina? Io ve no karazana fiovana tianao ho hita eo amin'ny fiaraha-monina misy anao? Raha tsy izany, ahoana no hanovana io asa io mba hitondra vokatra tsara kokoa eo amin'ny fiaraha-monina?
5. Ahoana no hahafantarantsika fa ataontsika amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra ny asa?
6. Heverinao ve fa hahazo voninahitra Andriamanitra amin'ny fanatanterahana io asa io? Ahoana no hahafahantsika mandray anjara amin'ny fanomezam-boninahitra azy mikasika ny zava-bita?

Lesona 10: Manao drafitra mikasika ireo hetsi-pitiavana

Tanjona

1. Mianatra manao drafitra mikasika ireo hetsi-pitiavana tiana hatao.
2. Mifidy hetsi-pitiavana iray tianao hatao ao amin'ny fiaraha-monina misy anao.
3. Mamorona drafitra.

Fitaovana

1. Toro làlana ho an'ny mpianatra
    a. Taratasy fanaovana drafitra faha 10.1 (3 pejy) – dika iray isaky ny vondrona.
2. Taratasy lehibe iray ho an'ny olona 5 na 7 avy.

Ireo dingan'ny fanaovana drafitra (Taratasy fanaovana drafitra faha 10.1)

FIFANAKALOZANKEVITRA VONDRONA MADINIKA (OLONA 5 na 7)

Toro marika: Atombohy amin'ny famakian'ny vondrona ireo pejy misy ny dingan'ny fanaovana drafitra amin'ny taratasy fanaovana drafitra faha 10.1. Fantaro raha manana fanontaniana izy ireo.

MIfidiana hetsi-pitiavana hanaovana drafitra

Toro marika: Angataho ny vondrona tsirairay hanomboka hieritreritra izay hetsi-pitiavana azony anaovana drafitra. Ampatsiahivo azy fa tokony hanomboka amin'ny vavaka izy ary hanontany an'Andriamanitra izay zavatra tian'Andriamanitra hataon'izy ireo. Afaka dimy minitra, anontanio ny vondrona izay drafitra tiany hatao.

Ataovy azo antoka tsara fa ny hevitry ny vondrona tsirairay dia mifanaraka amin'ny hetsika tiany hatao. Matetika ny vondrona dia mientanentana ka manao tetik'asa lehibe loatra. Amporisiho hifidy zavatra kelikely kokoa izy ireo. Arakaraka ny maha kely ny tetik'asa no hanantenana fa ho vitan'izy ireo ny hanatanteraka izany ary hahombiazan'izany. Ireo izay nanomboka amin'ny tetik'asa lehibe dia matetika miverina manao drafitra vaovao ka lasa kivy sy ketraka.

Rehefa nahafantatra ny asa tiany hatao izy, asaivo hamarininy fa hita ao avokoa ireo toetra 6 mikasika ny hetsi-pitiavana. (Ivereno jerena ireo toetra 6 raha ilaina). Rehefa nahita hetsi-pitiavana mahafeno ireo toetra 6 izy ireo sady tsy lehibe izany dia omeo taratsy lehibe iray avy ny vondrona hanoratany ny drafitra ka hahafahany mizara an'izany amin'ny mpianatra hafa.

TATITRA

Zarao ireo drafitry ny hetsi-pitiavana nataon'izy ireo

Toro marika: Rehefa avy nizara avy ny vondrona, manamafisa farafahakeliny zavatra tsara roa izay nataon'ny vondrona tao anatin'ny drafitra nataony. Avy eo asao ireo mpianatra hafa hanampy azy ireo hahita izay olana hafa mety misy hahafahan'ny vondrona hanatsara ny drafitra izay nataony. Ampio izy ireo hahita ireo sehatra tsy dia voadinika tsara.

Mivavaha ho an'ny vondrona tsirairay avy. Lazao azy fa manana fahafahana hizara izay nataon'Andriamanitra izy amin'ny fotoana fiofanana miaraka manaraka.

Dingana fanaovana drafitra

Dingana 1: Mivavaka

Ny zavatra voalohany tokony atao dia ny mivavaka. Amin'izao fotoana izao dia makà fotoana hivavahana. Angataho Andriamanitra haneho anareo izay hetsi-pitiavana tokony hataonareo.

Dingana 2: mifantina ny asa

Aoka ny vondrona no hifidy izay azony atao hetsi-pitiavana. Mijere amin'ireo hevitra notanisainareo tao amin'ny lesona "Tian'Andriamanitra hanampy ny fiangonana" sy " inona avy ireo mety ho filàna ao anaty fiaraha-monina." Mifaneke ny amin'izay tsapanareo fa itarihan'Andriamanitra anareo.

Rehefa avy nifidy loha hevitra iray ianareo dia ataovy azo antoka fa zavatra azonareo atao ao anatin'ny 1 na 2 andro. Raha tsy izany dia azonareo atao ve ny manao dingana iray na roa ihany?

Dingana 3: Manapaha hevitra ny amin'izay zavatra ilaina

Ny dingana manaraka dia ny manomboka manao drafitra? Voalohany dia tokony hanapa-kevitra isika ny amin'izay zavatra ilaina hanatanterahana ny tetik'asa, olona manao ahoana no ilaina, fitaovana manao ahoana, fahazoan-dalana manao ahoana sns… Hanampiana anao hieritreritra izany rehetra izany dia azonao ampiasaina ny pejy malalaka ao amin'ny bokin'ny mpianatra. Rehefa feno ny zavatra rehetra ilaina ny tsanganana voalohany dia afaka manapa-kevitra indray ny amin'izay hiandraikitra sy ny daty tokony hanatanterahana ny asa.

Dingana 4: Sorato ny drafitra

Ataovy azo antoka fa mamaly ireto fanontaniana ireto ny drafitra nataonareo. (Raha tsy dia mahay mamaky teny ny olona ao amin'ny vondrona dia tsy dia zava-dehibe ny hanoratana ny drafitra nefa ataovy azo antoka fa efa nodinihin'izy ireo tsara ny fanontaniana rehetra..)

- Inona ny zavatra hatao?
- Inona avy ireo zavatra ilaina hanatanterahana izany? Aiza ny hahazoana izany?
- Iza no hampiana? Efa nanontaniana ve izy ireo?
- Iza avy no handray anjara amin'ny fanampiana?
- Rahoviana no hanaovana izany?

Dingana 5: Mivavaha

Rehefa vita ny fanoratana ny drafitra dia mbola makà fotoana hivavahana indray. Angataho Andriamanitra hanampy anao hamita ny tetik'asa ary hampitombo ny vokatra. Mivavaha mba ho ny anarany no hahazo voninahitra. Mandritra ny 1 na 2 herinandro manaraka raha miomana ho amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa ianareo dia tokony hitohy hivavaka mba hanampian'Andriamanitra anareo.

Dingana 6: Ataovy ny asa

Ny dingana manaraka dia ny fanatanterahana ny asa ao anaty drafitra. Atombohy amin'ny vavaka ny andronareo ary atolory an'Andriamanitra ny herinareo. Tadidio fa manao an'io asa io ho fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny fiaraha-monina ianareo. Miezaha mihazona izany toe-po izany hanatrarana ny tanjona.

Dingana 7: Manaova tomban'ezaka sy tatitra

Ny dingana farany dia ny fanaovana tatitra sy tomban'ezaka. Nahoana moa no tokony hanao tomban'ezaka isika? Satria manampy antsika hianatra izany. Afaka mieritreritra ireo zavatra vita tsara sy izay tokony atao hanatsarana izany. Tsy voatery ho zavatra lavitr'ezaka izany fa maka fotoana fohy fotsiny mamaly ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy ireo vita tsara?
- Inona no tsy nandeha tsara?
- Inona no fanatsarana tokony hatao amin'ny drafitra?
- Mifanaraka amin'ny nandrasanao ve ny valiny? Raha tsy izany, nahoana?
- Nahazo voninahitra ve Andriamanitra?

Manana ny taratsy fanaovana tatitra tokony homena anareo ny mpampiofana. Nahoana no manao tatitra isika? Ao amin'ny Marka 6:30, dia hitantsika fa nanao tatitra tamin'I Jesosy ny amin'izay zavatra rehetra vitany ireo mpianatra. Manao tatitra isika ho fanehoana fahatokiana sy fankasitrahana an'ireo rehetra izay nampianatra antsika sy nanomana ireo fitaovana sy nampiofana antsika. Ny fanaovana tatitra dia manome antsika fahafahana mizara izay zavatra vita sy mijoro vavolombelona ny amin'ny nampiasan'Andriamanitra ny ezaka natao. Manome fahafahana ny mpampiofana koa hahita raha misy olana ary hitady fomba hanatsarana ny fanompoana anareo amin'ny fotoana manaraka.